
# Mifohaza!

AOGOSITRA 2011

## Ny herin'ny MOZIKA





**Mifohaza!**

ISAN'NY NATONTA **39 913 000**
MIVOAKA AMIN'NY FITENY **83**

## Ny herin'ny MOZIKA


**3 Fanomezana ny Mozika**

**4 Ny Mampahalaza ny Hira Sasany**

**6 Hahay Hifidy ve Ianao?**

10 Manontany ny Tanora Hoe... Inona no Tokony ho Fantatro Momba ny Tranonkala Fifaneraserana? Fizarana 2

14 Nampahafantatra ny Tantarany i Ibn Battuta

17 Nisy Namorona Ve? Ny Jaboran'ny Biby An-dranomasina

18 Tsy Nampiova Ahy ny Nazia

21 Topy Maso Eran-tany

22 Inona no Lazain'ny Baiboly? Mankasitraka ny Ady Ankehitriny ve Andriamanitra?

24 Ny Tsara ho Fantatra Momba ny Kanseran'ny Nono

29 Torohevitra Mahasalama ny Vatana sy ny Fo

30 Natao Hodinihin'ny Mpianakavy

32 Fantatrao ve ny Voalazan'ny Baiboly?

# Fanomezana ny Mozika

HO NANAO ahoana re ny fiainana raha tsy nisy mozika e? Tsy ho nisy ny hira fandrotsirotsiana zaza, ny hiram-pitiavana, ny hira mampihetsiketsika, ny amboaram-peon-kira mampientanentana, ary ireo feon-kira mampisy aingam-panahy. Hankaleo sy tsy hahafinaritra ny fiainana raha izany.

Afaka mamoaka ny fihetseham-po rehetra ny mozika. Mampitony izy io, mampientanentana, mankahery ny saina sy ny fo, mampisy aingam-panahy, mahafaly be, ary mampitomany. Manan-kery ny mozika satria misy vokany eo amin'ny fihetseham-po. Nahoana no misy heriny lehibe toy izany ny mozika? Satria fanomezana kanto avy amin'Andriamanitra. (Jakoba 1:17) Tokony ho afaka hankafy mozika mendrika àry ny rehetra, na antitra na tanora, sady samy tokony hihevitra azy io ho sarobidy.

Efa ela no nisian'ny mozika. Hitan' ny mpanao fikarohana ny any ambanin'ny tany, ohatra, fa nampiasa amponga sy anjombona ary lakolosy ny olona tatỳ Afrika, taonjato maro talohan'i Kristy. Nitsoka karazana farara sy karazana sodina koa ny Sinoa fahiny. Nitendry harpa kosa ny mponin'i Ejipta, Inde, Israely, ary Mezopotamia. Lazain'ny Baiboly koa fa efa nisy mozika taloha. Ilay tantaraina ao amin'ny Genesisy 4:21 angamba no voafaritra indrindra, raha ny fotoana no resahina. Hitantsika ao fa lehilahy antsoina hoe Jobala no "nipoiran'ny mpitendry harpa sy mpitsoka sodina rehetra." Tia mozika koa i Solomona mpanjakan'ny Israely, izay velona taonjato maro tatỳ aoriana. Nomena ny hazo tsara indrindra izy mba hanaovana harpa sy zavamaneno hafa misy tadiny. —1 Mpanjaka 10:11, 12.

Mazava ho azy fa nila nitendry an' ilay zavamaneno izay te hankafy azy, na nihaino an'izay afaka nitendry. Antapitrisany anefa izao no afaka mihaino mozika, ary bokotra iray monja no tsindriana amin'izany. Azonao atao kopia izay mozika tianao na alaina amin'ny Internet, ary henoina amin' ny fitaovana omby paosy. Nisy fanadihadiana natao tany amin'ny tany tandrefana iray tamin'ny 2009, ka hita fa mandany adiny roa mahery isan' andro ny ankizy 8 ka hatramin'ny 18 taona, mba hihainoana mozika na zavatra hafa.

Fahita ny toy izany. Mazava àry hoe nahoana no lasa fitadiavam-bola mandeha be ny mozika sy ny fitaovana maoderina fihainoana hira. Ahazoambola *be* tokoa ny mozika! Efa noeritreretinao ve anefa hoe inona avy no atao mba hampahalaza ny hira iray?




## Hira Amin'ny Internet



**HIRA ALAINA:** Matetika no andoavam-bola ny maka hira ao amin'ny Internet. Misy koa afaka maka hira maimaim-poana amin'ny Internet, mandritra ny fe-potoana efa nifanarahana, satria nividy finday na zavatra hafa.

**HENOINA FOTSINY:** Henoina avy hatrany ilay hira fa tsy azo adika. Tsy andoavambola ny ankamaroany, na dia mila anaovana famandrihana ihany aza ny sasany.




# Ny Mampahalaza ny Hira Sasany

VETIVETY dia miova ny mozika tian'ny olona ary betsaka ireo mifaninana mivarotra hira. Mora leo ny olona ary mivoatra foana ny teknolojia. Milaza i Kelli Burns, manam-pahaizana momba ny haino aman-jery, fa "mitady an'izay hira vaovao indrindra foana" ny mpandraharaha. Tsy mora anefa ny mampahalaza an'ilay hira. Hoy ny boky iray: 'Ankizy maro no te ho lasa mpihira malaza. Matetika anefa izany no mbola ilana ezaka be.'—Jereo ilay efajoro hoe "Fiovana eo Amin'ny Tsenan'ny Mozika", pejy 6.

### Famoronan-kira

Miezaka ny **mpamoron-kira (1)** mba hanoratra tononkira mamoaka ny vetsovetsom-pon'ny olona sy ny nofinofiny ary izay tena tsapany. Resaka inona no tena tian'ny olona? Mazava ho azy fa ny resaka fitiavana. Mitady tononkira mambabo ny mpihaino sy mora tadidy koa ny mpamoron-kira.

Matetika ilay mpamoron-kira no manao hira andrana. Raha hitan'ireo mpandraharaha fa mety handeha ilay hira, dia mety **hanao fifanarahana (2)** amin'ilay mpamoron-kira izy ireo ka horaisim-peo ilay hira. Vidin'izy ireo kosa ilay hira mba hohirain'ny mpihira malaza, raha mampisalasala azy ireo ilay mpamoron-kira, ohatra hoe tsy dia malaza.

### Fandraisam-peo

Matetika no misy olona efa za-draharaha karamaina mba hiandraikitra ny **fandraisampeo (3).** Izy no manapa-kevitra hoe ahoana no hanaovana an'ilay hira. Izy koa no manofa ny

**Mifohaza!**

**NATONTA ITY GAZETY ITY** mba hanome fahalalana ny fianakaviana manontolo. Mampiseho ny fomba iatrehana ireo olana ankehitriny izy ity. Milaza vaovao sy manazava momba ny olona any amin'ny tany maro koa izy ity, ary mamakafaka ny fivavahana sy ny siansa. Tsy izay ihany anefa, fa mandalin-javatra izy ity, ka milaza ny tena hevitra fonosin'ireo fisehoan-javatra farany. Tsy momba ny atsy na ny aroa amin'ny politika mihitsy anefa izy ity, ary tsy manindrahindra firazanana na inona na inona. Izao anefa no zava-dehibe indrindra: Ity gazety ity dia manao izay itokisana amin'ny fampanantenan'ny Mpamorona, dia ny hanorina tontolo vaovao miadana sy mandry feizay, izay efa hisolo ny tontolo ratsy sy tsy tan-dalàna ankehitriny.

Tsy natao hamidy ity gazety ity. Ny famoahana azy ity dia anisan'ny asa fampianarana Baiboly maneran-tany tohanana amin'ny alalan'ny fanomezana an-tsitrapo. Raha tsy misy fanamarihana manokana, dia avy amin'ny dikan-teny maoderina hoe *Ny Soratra Masina—Fandikan-tenin'ny Tontolo Vaovao* ny andinin-teny ato.


*Awake!* (ISSN 0005-237X) is published monthly by Watchtower Bible and Tract Society of New York, Inc.; M. H. Larson, President; G. F. Simonis, Secretary-Treasurer; 25 Columbia Heights, Brooklyn, NY 11201-2483, U.S.A. **FIOVAM-PONENANA:** Omeo anay ny adiresinao vaovao sy taloha. © 2011 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania. Tsy azo adika na alain-tahaka. Printed in Japan.



Vol. 92, No. 8 Monthly MALAGASY



6



7




toerana fandraisam-peo sy ny fitaovana ilaina mba hamokarana hira raitra sy azo amidy, sady manakarama sy manara-maso ny mpandrindra feon-kira, ny mpanao dika mitovy, ny mpitendry zava-maneno, ny mpanara-peo, ary ny mpandray feo.

Atao tsikelikely ny fandraisam-peo amin'ny ankapobeny, ka matetika no atomboka amin' ny feon'amponga, gitara, gitara mamoaka feo ambany, ary ny klavie. Ampidirina, avy eo, ny feon'ny mpitari-kira sy ny feon'ny zava-maneno hafa ary ny feon'ny mpihira hafa. Eo koa ny feon'ny zavamaneno tendrena mitokana sy izay feo manokana tiana hampidirina. Atambatra izany avy eo mba hahazoana an'ilay **tena hira (4).**

### Varotra

Matetika ny mpandraharaha no mamoaka **raki-tsary (5)** maharitra telo na dimy minitra eo ho eo, mba hampandeha an'ilay hira. Afaka mijery ny hiran'ilay mpanakanto ny olona, amin' izay, sady ho afaka hientanentana toy ny rehefa mijery fampisehoana. Mety hampidi-bola be ho an'ireo mpandraharaha izany.

Betsaka kokoa ny raki-kira lafon'ny mpihira, any amin'ny toerana hanaovany **fampisehoana (6).** Manaparitaka an'ilay raki-kira vaovao àry izy ireo, rehefa mitety faritra mba hanao fampisehoana. Maro koa ny mpihira mamorona **tranonkala ao amin'ny Internet (7),** mba hametrahana hira sasany, sary, raki-tsary, fanamarihana, vaovao momba ny fampisehoana mbola

***Fiteny:*** Afrikaans, albaney, alemà,+◇ amharique, anglisy,+◇ arabo, armenianina, bichlamar, boligara, cebuano, chichewa, chitonga, cinghalais, danoà,◇ espaniola,+◇ estonianina, éwé, failandey,◇ fidjianina, frantsay,+⊙◇ géorgien, goujrati, grika, hebreo, hiligaynon, hindi, holandey,+◇ hongroà, ibo, icibemba, iloko, indonezianina, iokrenianina, islandey, italianina,+⊙◇ japoney,+◇ kannada, kinyarwanda, kirghiz, kirundi, koreanina,+◇ kroaty, letonianina, lingala, litoanianina, masedonianina, malagasy, malayalam, maltais, myama, norvezianina,+◇ ourdou, pendjabi, poloney,+◇ portogey,+⊙◇ rarotonga, romanianina, rosianina,+◇ samoanina, sepedi, serba, sesotho, shona, silozi, sinoa (nentim-paharazana)◇ (noraisim-peo amin'ny teny mandarin ihany), sinoa (notsorina), slovaky, slovenianina, soedoà,◇ swahili, tailandey, tagalog,◇ tamoul, tiorka, tok pisin, tongan, tseky,◇ tsonga, tswana, vietnamianina, xhosa, yorobà, zoloa

\+ *Misy amin'ny CD koa.*
⊙ *Misy amin'ny CD MP3 koa.*
◇ *Misy gazety noraisim-peo koa ao amin'ny* www.jw.org.

***Misy fanontanianao ve sa te hianatra Baiboly maimaimpoana any an-tranonao ianao?*** *Manorata àry any amin'ny Vavolombelon'i Jehovah, any amin'ny iray amin'ireto adiresy ireto. Raha mitady ny adiresin'ny biraon'ny sampana rehetra ianao, dia jereo ny www.watchtower.org/address.* ***Afrika Atsimo:*** Private Bag X2067, Krugersdorp, 1740. ***Alemaina:*** 65617 Selters. ***Belzika:*** rue d'Argile-Potaardestraat 60, B-1950 Kraainem. ***Etazonia:*** 25 Columbia Heights, Brooklyn, NY 11201-2483. ***Frantsa:*** BP 625, F-27406 Louviers cedex. ***Grande-Bretagne:*** The Ridgeway, Londres NW7 1RN. ***Hong Kong:*** 4 Kent Road, Kowloon Tong. ***Japon:*** 4-7-1 Nakashinden, Ebina City, Kanagawa-Pref, 243-0496. ***Kanada:*** PO Box 4100, Georgetown, ON L7G 4Y4. ***Madagasikara:*** BP 116, 105 Ivato. ***Maorisy*** (***Nosy***): Rue Baissac, Petit Verger, Pointe aux Sables. ***Rosia:*** PO Box 182, 190000 Saint-Pétersbourg.

hataony, rohy ho an'ny mpankafy, ary indrindra fa rohy mankany amin'ny tahirin-kira.

Miankina amin'iza no hampahalaza ny hira iray? Miankina aminao mpihaino. Ahoana àry no fomba ifidiananao mozika? Arakaraka ny feon-kira ve, sa arakaraka ny mpihira? Sa mba jerenao koa raha mendrika ilay hira na tsia? Tena ilaina ireo, satria mety hisy vokany lalina eo amintsika ny mozika. Mampahatsiahy antsika an'ity torohevitra lehibe avy amin'ny Mpamorona ity izany: "Arovy ny fonao, mihoatra noho izay rehetra tokony harovana, fa avy ao aminy ny loharanon'aina."—Ohabolana 4:23.

Raha amin'ny resaka mozika, ahoana no hanarahanao an'io torohevitra mahasoa io? Raha ray na reny ianao, ahoana no hiarovanao ny finoan'ny zanakao sy ny toe-tsainy ary ny toetony?

### Fiovana eo Amin'ny Tsenan'ny Mozika

Nampivoatra be ny tsenan'ny mozika ny Internet sy ireo fitaovana maoderina fandraisam-peo tsy dia lafo. Any an-tranony ihany izao ireo mpanakanto dia efa afaka mamokatra hira tsara sy manaparitaka an' izany eran-tany. Milaza ny gazety *Toe-karena* (anglisy) fa "mpihira malaza maro no tsy nila orinasa mpandray feo."

# Hahay Hifidy ve Ianao?

*Mimenomenona i Naina,* 17 taona, hoe: "Mankaleo be ny mozika henoin'ny ray aman-dreniko."*

*Mitaraina kosa i Voahangy, reniny, hoe: "Feno zavatra mampahatahotra sy mampahatezitra ny mozika henoin'ny zanako."*



MATETIKA no mampifamaly ny ray aman-dreny sy ny tanora ny resaka mozika. Nahoana? Miova ny zavatra tiana rehefa mihalehibe. Ny mozika mihitsy koa no miova. Vetivety àry dia mety hilaozan'ny toetrandro ny hira malaza.

Misy vokany eo amintsika foana ny mozika. Voamarikao ve ny vokatr'izy io eo amin'ny fihetsehamponao? Nampitony an'i Saoly mpanjakan'ny Israely fahiny ny mozika, rehefa nikorontan-tsaina izy. (1 Samoela 16:23) Toy ny olona mifanerasera amintsika ny hira. Misy vokany tsara eo amintsika ny sasany, ohatra hoe mahatonga antsika ho falifaly sy ho be fitiavana. Ny hafa kosa mety hahatonga antsika ho tezitezitra sy hankahala olona.—Ohabolana 13:20.

Tokony hifidy ny mozika henoiny àry ny ray amandreny sy ny zanany. Fantatrao ve ny mozika henoin' ny zanakao sy ny fotoana laniny hihainoana an'izany? Misy fitsipika apetrakao ve momba izany?

Izany akory tsy midika hoe rarana fotsiny ny anki-

* Novana ny anarana sasany.

zy tsy hihaino raki-kira na karazana mozika sasany. Tokony hampianao hifidy mozika mety koa izy, mba hohenoiny ho solon'izany. Hoy ny boky *Fitaizana Tanora* (anglisy): "Tsy azonao sakanana tsy ho tia zavatra tena tiany ny olona iray ary avelanao amin'izao fotsiny. Tsy maintsy omena zavatra vaovao ho solony izy, raha tsy izany dia hiverina amin'ilay zavatra tena tiany taloha."

## Mampiavaka ny karazan-kira sasany ny tonony vetaveta

Ilaina koa ny mandinika ny fotoana lanin'ny zanakao hihainoany mozika. Manelingelina ny fotoana tokony hanaovany zavatra lehibe kokoa ve izany, ohatra hoe ny entimody, ny fanompoana an'Andriamanitra, na ny raharaha ao an-trano? Hoy ny Baiboly: "Ny zava-drehetra dia samy misy fotoana voatondro ho azy avy." —Mpitoriteny 3:1.

Olana hafa koa ny hoe mety hitokantokana ilay ankizy. Marina fa ilaintsika rehetra ny mitokana, ary tokony hanokana fotoana hisaintsainana isika raha te hisaina tsara foana. (Salamo 1:2, 3) Lasa tia tena anefa ny olona tia mitokantokana loatra. (Ohabolana 18:1) Nihevitra i Rado, izay 20 taona izao, fa rehefa nihaino mozika izy no 'mba nitokana.' Hoy izy: "Nanahy anefa i Neny hoe lasa nitokantokana aho."

Inona no hanampy ny ray aman-dreny sy ny tanora toa an'i Rado hahita marimaritra iraisana? Inona no hanampy antsika hifidy tsara ny mozika henointsika? Ny toro lalan'ny Baiboly. Diniho miaraka amin'ny zanakao àry ireto fanontaniana telo ireto.

● **Miresaka momba ny inona ilay mozika?** *"Aoka tsy hotononina eo aminareo akory* izay resaka momba ny fijangajangana sy izay rehetra mety ho fahalotoana na izay faniriana tsy mety afa-po." (Efesianina 5:3) Tsy mampaninona ny tonon'ny hira maro. Aseho mivantana na ankolaka amin'ny hira sasany kosa hoe tsy mampaninona ny fitondran-tena ratsy, toy ireo raran'ny Baiboly. Mety hanindrahindra an'izany mihitsy aza ny hira sasany. Mampiavaka ny karazan-kira sasany ny tonony vetaveta sy miresaka fankahalana sy herisetra. Hoy i Karen Sternheimer, mpanoratra: "Manafintohina indraindray ny tonon'ny hira *rap,* mazàna izy ireny no miresaka herisetra, ary matetika no feno resaka fankahalana vehivavy sy zavatra mamoafady." Matetika no miresaka herisetra sy

### Nahoana Aho no Niova?

Hoy i Ashley, 24 taona: "Niboboka toaka sy nidoroka zava-mahadomelina aho taloha sady nahery setra. Ny *rock* mavesatra sy ny *rap* no nahatonga ahy ho toy izany. Feno teny ratsy ireo tononkira sady manindrahindra fankahalana ary mavesatra sy midobodoboka be ny gadony. Nahatsiaro ho mafy be aho, noho izany. Lasa ninamana tamin'ny mpidoroka zava-mahadomelina koa aho. Ny mpihira *rap* sy *rock* mavesatra no notahafinay ary izay nolazainy no nataonay.

"Tsy ela anefa dia nikorontana be ny fiainako. Saika matin'ny zava-mahadomelina be loatra aho, tamin' izaho 17 taona. Nivavaka tamin'Andriamanitra aho raha vao nahatsiaro tena. Noraisiko ny boky fitadiavana nomeraon-telefaonina ka niantso ny Vavolombelon'i Jehovah aho ary nanomboka nianatra Baiboly. Efa nisy ankizilahy niteny tamiko mantsy hoe Jehovah no anaran'Andriamanitra, ka fantatro hoe mampianatra momba an'i Jehovah ny Vavolombelona.

"Nialako ny fahazaran-dratsiko ary nariako ireo CD-ko. Narary ny foko rehefa nijery azy ireo tao anaty fako aho. Nataoko an-tsaina anefa hoe ireo mozika ireo sy ny fahazaran-dratsiko no nanimba ahy, ka nihodina aho ary lasa.

"Taona maromaro izay no lasa, nefa mbola mitady ho tia *rock* mavesatra sy *rap* ihany aho. Halaviriko toy ny zava-mahadomelina manandevo àry izy ireny. Maro izao ny karazana mozika tiako, toy ireo hira milamindamina, *rock* malefaka, ary mozika kilasika sasantsasany. Fa ny tena tiako dia ny hoe mahay mifidy ny hira henoiko aho izao."



Mahaiza foana mamantatra an'izay tsara sy ratsy rehefa mifidy mozika



## Misy karazana mozika maro *azonao* ankafizina

asan'ny maizina ny tonon'ny *rock* mavesatra. Tsy voatery ho tsara na dia ny tonon'ny hira *pop* aza. 'Ampiasao àry ny sainao' rehefa mifidy mozika. (Romanina 12:1) Aza manaiky ho sodokan'ny hoe malaza ilay izy na hoe tsara ny feony.

● **Inona no vokatr'ilay mozika eo amin'ny fihetseham-poko?** 'Arovy ny fonao fa avy ao aminy ny loharanon'aina.' (Ohabolana 4:23) Ahafantarana ny any am-ponao sy any an-tsainao ny mozika tianao, nefa koa misy *vokany* eo amin' ny sainao sy ny fonao. Hoy i Naina, ilay voaresaka terỳ aloha: "Lasa tezitezitra sy nahery setra aho rehefa nihaino mozika sasany." Saintsaino àry hoe inona no vokatry ny mozika henoinao, eo amin'ny fisainanao sy ny fonao. Mampitony sy mamelombelona ve izany sa mahatonga anao ho kizitina sy ho kivy? Mahatonga anao hieritreritra zavatra vetaveta ve izany? (Kolosianina 3:5) Aleo tsy henoina izay mozika misy vokany ratsy eo amin'ny fihetseham-ponao sy ny eritreritrao. (Matio 5:28, 29) Hoy i Anja, 17 taona: "Fantatro fa manimba ny mozika ratsy, ary tsy te ho voa aho."

● **Hahatonga ahy ho tia ny ratsy ve ilay mozika?** Hoy ny Amosa 5:15: "Ankahalao ny ratsy ary tiavo ny tsara." Tsy mora ny manao izany ankehitriny, satria efa tanteraka ilay faminanian'ny Baiboly hoe: "Ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho matin-kambo, hanambony tena, ho mpanevateva, tsy hankatò ray aman-dreny, tsy hisaotra, tsy ho mena-mivadika, tsy ho tia ny mpianakaviny, tsy ho azo ifanarahana, ho mpanendrikendrika, tsy hahafehy tena, ho masiaka be, tsy ho tia ny tsara, ... ho tia fahafinaretana fa tsy ho tia an'Andriamanitra." (2 Timoty 3: 1-4) Hoy àry ny andininy faha-5: "Ialao ny olona toy ireny."




Ahoana no ialanao amin'ny olona toy ireny? Mazava ho azy fa tsy ampy ny hoe manalavitra an'ilay olona. Tsy maintsy halavirina koa izay zavatra mampiseho ny toetra ratsiny. (Efesianina 4:25, 29, 31) Midika ve anefa izany hoe tsy misy mozika azo henoina intsony? Tsy izany mihitsy!

**Mahaiza mankafy mozika isan-karazany**

Tia mihaino ny mozika henoin'ny zanany ny ray aman-dreny maro ary mankafy ny mozika henoin'izy ireo koa ny zanany. Hoy i Landy: "Nasain'ny zanako vavy 13 taona nihaino ny hira tiany indrindra aho, ary lasa tiako ilay izy." Matetika koa i Ravaka, 16 taona, sy ny ray aman-dreniny no mifampindrana CD.

Tsy mitovy ny taona sy ny kolontsain'ireo Vavolombelon'i Jehovah an-tapitrisany erantany. Maro karazana ny mozika tiany, anisan' izany ny hira ao amin'ny boky *Mihirà ho An'i Jehovah,** izay manatanjaka finoana. Mety tsy hitovy amin'ny feon-kira mahazatra any amin' ny tany sasany ny feon-kira ao.

Na ray aman-dreny ianao na tanora, dia eritrereto ireto fanontaniana ireto isaky ny te hividy raki-kira na haka izany ao amin'ny Internet ianao: 'Iza no nahatonga ahy hahay hankafy mozika? Tsy i Jehovah Andriamanitra Mpamorona ahy ve? Asehoko aminy ve fa tena tiako io fanomezana io ka arahiko akaiky ny fitsipiny momba izay tsara sy ratsy sy izay mety sy tsy mety?' Hahay hifidy tsara ny mozika hohenoinao ianao raha misaintsaina fanontaniana toy ireo. Sady hahafaly anao izany no hampifaly ny Mpamorona.—Ohabolana 27:11.

* Azo alaina ao amin'ny www.jw.org, ao amin'ny Internet.

## Soso-kevitra ho An'ny Ray Aman-dreny

Mampanahy anao ve ny mozika henoin' ny zanakao? Ahoana no azonao anampiana azy nefa tsy hifamaly aminy? Ireto misy soso-kevitra vitsivitsy:

**Fantaro ilay mozika** Aza maika ny hiteny fa henoy aloha ilay hira sy ny tonony ary jereo ny fonony. Mieritrereta hoe tena mampanahy tokoa ve ilay izy sa izaho no sarotiny loatra. Hoy ny Baiboly: "Ny fon'ny hendry mahatonga azy ho lalin-tsaina sy handanjalanja izay teneniny, ary maharesy lahatra olona ny zavatra lazainy."—Ohabolana 16:23.

**Mandiniha tsara** Mety hanampy anao hahafantatra tsara ny zanakao sy hahita ny ao am-pony ny mozika henoiny. Anontanio moramora izy, ohatra, hoe: "Inona no itiavanao an'ity mozika ity? Miresaka momba ny zavatra mampanahy anao ve ilay izy?" Henoy tsara ny valin-teniny. Hoy ny Ohabolana 20:5: "Toy ny rano lalina ny hevitra ao am-pon'ny olona, fa izay manana fahaiza-manavaka kosa mahay manovo azy ihany."

**Mahaiza mampisaintsaina** Tsy ny hahatonga ny zanakao hanary an'ilay CD tsy mendrika fotsiny no tanjonao fa ny hanazatra ny 'fahaizany misaina' koa, mba hahaizany "hanavaka ny tsara sy ny ratsy" ka hahaizany hanapa-kevitra. (Hebreo 5:14) *Ampianaro hikaroka sy hisaintsaina ny toro lalan'ny Baiboly àry izy.* Izany no lova tsara indrindra azonao omena azy. Sady hisaina tsara izy amin' izay no hanana fahendrena, izay sarobidy lavitra noho ny volamena rehetra eto an-tany. —Ohabolana 2:10-14; 3:13, 14.

**Aoka ianao ho hentitra sy hangoraka ary ho tsara fanahy** "Mitafia fitiavana lalina sy fangoraham-po, hatsaram-panahy, fanetren-tena, fahalemem-panahy, ary fahari-po." (Kolosianina 3:12) Aza miziriziry amin'ny hevitrao na tia miady hevitra, rehefa mampisaintsaina ny zanakao. Tadidio fa efa mba tanora koa ianao.

**MANONTANY NY TANORA HOE...**

# Inona no tokony ho fantatro momba ny tranonkala fifaneraserana? Fizarana 2

Asio tarehimarika ireto, ka alaharo *arakaraka izay zava-dehibe kokoa aminao:*

__ *ny tsiambaratelonao*
__ *ny fotoananao*
__ *ny lazanao*
__ *ny namanao*



IZA no zava-dehibe indrindra aminao ka nomarihinao hoe voalohany? Mety hisy fiantraikany eo amin'izy io ny fampiasanao tranonkala fifaneraserana. Hisy fiantraikany eo amin'ireo telo hafa koa izany.

Tokony hampiasa tranonkala fifaneraserana ve ianao? Miankina amin'ny ray aman-dreninao izany raha mbola mipetraka ao an-trano ianao.* (Ohabolana 6:20) Misy mahatsara sy maharatsy ny tranonkala toy ireny, toy ny zavatra *hafa* ampiasana Internet ihany. Tokony hankatò ny ray aman-dreninao ianao raha tsy mamela anao hanana kaonty izy ireo.—Efesianina 6:1.

Ahoana kosa no hisorohanao loza, raha *avelany* ianao? Efa noresahin'ny "Manontany ny Tanora" ao amin'ny *Mifohaza!* Jolay 2011 fa tokony hitandrina ny amin'izay tianao hohazonina ho tsiambaratelo sy ny fomba hampiasanao ny fotoananao ianao. Handinika momba ny lazanao sy ny namanao kosa isika ato.

## NY LAZANAO

Miaro ny lazanao ianao raha mitandrina mba tsy hahatonga ny hafa hieritreritra zavadratsy momba anao. Eritrereto hoe manana fiara vaovao mbola tsy misy kiaka na pempo mihitsy ianao. Azo inoana fa tianao ho toy izany foana ilay izy. Ahoana raha tsy nitandrina ianao ka nidona ilay fiara ary potika?

Mety ho toy izany koa ny lazanao rehefa mampiasa tranonkala fifaneraserana ianao. Hoy ny tovovavy atao hoe Cara: "Sary iray na fanamarihana kely fotsiny, dia mety hanimba ny lazanao." Diniho, ohatra, hoe nahoana no mety hanimba ny lazanao ny...

**Hoy ny ohabolana iray ao amin'ny Baiboly: "Aleo laza tsara toy izay harem-be."—Ohabolana 22:1**

● **Sarinao.** Hoy ny apostoly Paoly: "Manaova izay tsara eo imason'ny olona rehetra." (Romanina 12:17) Inona no voamarikao rehefa mijery sary ao amin'ny tranonkala fifaneraserana ianao?

*"Indraindray aho mahita sarin'olona hoatran' ny mamo nefa mba olona mihaja ihany no nieritreretako azy."—Ana, 19 taona.*

* Tsy mampirisika na manakana ny fampiasana tranonkala iray manokana ny *Mifohaza!* Tsy tokony hanao zavatra mifanohitra amin'ny toro lalan'ny Baiboly anefa ny Kristianina rehefa mampiasa Internet.—1 Timoty 1:5, 19.

*"Misy ankizivavy mampiseho be ny vatany rehefa maka sary. Tsy hoatr'izany mihitsy anefa ry zareo amin'ny tena izy."—Cara, 19 taona.*

Ahoana no ho fiheveranao ny olona iray raha apetrany ao amin'ny tranonkala fifaneraserana ny sariny 1) manao akanjo mifinjifinjy na 2) hoatran'ny mamo?

**1** ................................................

**2** ................................................

● **Fanamarihana apetrakao.** Hoy ny Efesianina 4:29: "Aoka tsy hisy teny ratsy hivoaka amin'ny vavanareo." Misy mahamarika hoe lasa tia miteny ratsy, na mifosa, na manao resaka vetaveta ny olona ao amin'ny tranonkala fifaneraserana.

*"Sahy kokoa ny olona rehefa ao amin'ny tranonkala fifaneraserana. Hoatran'ny tsy dia mampaninona ny teny ratsy rehefa soratana fa tsy tononina. Mety tsy hiteny ratsy ianao, nefa mety ho hita amin'ny teninao hoe mijejojejo amin'olona ianao na sahisahy ratsy. Mety hiteny zavatra vetaveta mihitsy ianao."—Danielle, 19 taona.*

Araka ny hevitrao, nahoana ny olona maro no sahy kokoa rehefa ao amin'ny tranonkala fifaneraserana?


................................................

................................................

Tena misy dikany ve ny sary sy ny fanamarihana apetrakao ao amin'ny tranonkala fifaneraserana? Eny tokoa! Hoy ny ankizivavy atao hoe Jane: "Resa-be tao am-pianarana izany. Noresahin'ny ankizy hoe inona no jeren'ny mpampiasa ao amin'ny pejin'ny olona mitady asa mba hahalalany ny toetrany."

Nilaza ny Pr. B. Fogg tao amin'ilay boky hoe *Facebook ho An'ny Ray Aman-dreny* (anglisy) fa izany mihitsy no ataony rehefa handray mpiasa. Hoy izy: "Raisiko ho anisan'ny andraikitro izany. Jereko izay lazainy momba azy raha afaka mijery ny pejiny aho. Tsy horaisiko hiasa izy raha mahita zavatra hafahafa ao aho. Olona mandinika tsara tsinona no tiako hiaramiasa amiko."

***Mety ho potika ny fiara iray entinao raha tsy mitandrina ianao. Mety ho simba koa ny lazanao raha mametraka sary sy fanamarihana vetaveta ao amin'ny Internet ianao***



Hoy koa i Paoly: "Tsy manao izay hahatafintohina olona mihitsy izahay." (2 Korintianina 6:3; 1 Petera 3:16) Raha Kristianina àry ianao, dia vao mainka tokony hieritreritra hoe mety ho tafintohina ve ny mpiray finoana aminao sy ny olon-kafa rehefa mijery ny sary sy ny fanamarihana ataonao?

### Inona no azonao atao?

Raha avelan'ny ray aman-dreninao hampiasa tranonkala fifaneraserana ianao, dia jereo ny sary apetrakao ao ary eritrereto hoe: 'Olona manao ahoana aho, rehefa jerena ireo sary ireo? Izany tokoa ve no tiako hahafantarana ahy? Ho menatra ve aho raha hitan'ny ray aman-dreniko izany na hitan'ny anti-panahy na izay ho mpampiasa ahy?' Manaova fanovana, raha eny ny valin'io fanontaniana farany io. Izany no nataon'i Kate, 21 taona. Hoy izy: "Faly aho fa niresaka tamiko momba ny sary famantarana napetrako tao ny anti-panahy kristianina iray. Fantatro hoe tsy tiany ho simba ny lazako."

Jereo tsara koa ireo fanamarihana napetrakao sy ny *olon-kafa,* ao amin'ny *pejinao.* Aza avela hisy "resaka adaladala na vazivazy vetaveta" ao. (Efesianina 5:3, 4) Hoy i Jane, 19 taona: "Misy teny ratsy na teny misy heviny ratsy ny fanamarihana apetraky ny olona, indraindray. Manaratsy ny *lazanao* izany satria ao

amin'ny *pejinao,* na dia tsy ianao aza no nanoratra an'ilay izy."

Sary sy fanamarihana manao ahoana no hapetrakao any amin'ireny tranonkala ireny mba hiarovana ny lazanao?

.....................................................

.....................................................

.....................................................

### NY NAMANAO

Raha manana fiara vaovao ianao, havelanao hiditra ao anatin'ilay fiara daholo ve *izay* rehetra te hiditra? Mila mifidy an'izay hasainao sy hekenao ho namanao koa ianao, raha avelan' ny ray aman-dreninao hampiasa tranonkala fifaneraserana. Iza àry no hataonao namana?

*"Ny hana-namana betsaka fotsiny no tanjon' ny olona sasany. Na dia olona tsy tena fantany aza dia ataony namana."—Nayisha, 16 taona.*

*"Mampifandray anao amin'ny olona fantatrao taloha ny tranonkala fifaneraserana. Aleo anefa indraindray tsy mifandray amin'ireny olona ireny intsony."—Ellen, 25 taona.*

#### Inona no azonao atao?

**Soso-kevitra: Hamarino ary ahitsio.** Jereo indray ny lisitry ny namanao ary ahitsio raha ilaina. Eritrereto tsirairay izy ireo, sady saintsaino ireto fanontaniana ireto:

**1.** 'Fantatro tsara ve hoe olona manahoana izy, *amin'ny tena izy?'*

**2.** 'Manao ahoana ny sary sy ny fanamarihana apetrany ao?'

**3.** 'Mandrisika ahy hanana toetra tsara ve izy?'

*"Mijery ny lisitry ny namako aho, isam-bolana. Esoriko ao izay olona tsy dia azoazoko, na tsy fantatro tsara."—Ivana, 17 taona.*

**Soso-kevitra: Mametraha fitsipika.** Fanteno izay hasainao ho namana sy hekenao ho namana. Izany koa mantsy no ataonao rehefa tsy ao amin'ny Internet. (1 Korintianina 15:33) Hoy, ohatra, ny tanora iray atao hoe Leanne: "Izao ny ahy: Rehefa tsy fantatro dia tsy ekeko ho namako. Hesoriko ao amin'ny lisitry ny namako ianao ary tsy hekeko ho namako intsony, raha misy zavatra tsy azoazoko ao amin'ny pejinao." Manao toy izany koa ny hafa.

*"Tsy hinamana amin'izao olona rehetra izao aho satria mety hampidi-doza izany."—Erin, 21 taona.*

*"Nangataka ny ho namako ny sasany tamin' ny mpiara-mianatra tamiko. Efa niezaka tsy ninamana tamin'izy ireo anefa aho tany am-pianarana, koa nahoana aho no hinamana aminy indray izao?"—Alex, 21 taona.*

Soraty eto ambany izay fitsipika *apetrakao* momba ny namanao.

.....................................................

.....................................................

.....................................................



***Hitondra olon-tsy fantatra ve ianao, satria fotsiny mila entina izy? Koa nahoana ianao no hanaiky hinamana amin'ny olona tsy fantatrao, ao amin'ny Internet?***

Hita ao amin'ny *Mifohaza!* hafa koa ny andian-dahatsoratra "Manontany ny Tanora"

**ANONTANIO NY RAY AMAN-DRENINAO**

**Jereo miaraka amin'ny ray aman-dreninao ity lahatsoratra ity sy ilay "Manontany ny Tanora" ao amin'ny *Mifohaza!* Jolay 2011. Iaraho midinika hoe inona no vokatry ny fampiasanao Internet, eo amin'ny 1) tsiambaratelonao, 2) ny fotoananao, 3) ny lazanao, ary 4) ny namanao.**

Mety ho havanana kokoa amin'ny resaka Internet ny zanakao. Ianao anefa no mahay manavaka kokoa. (Ohabolana 1:4; 2:1-6) Manamarina izany i Parry Aftab, manam-pahaizana momba ny fiarovana amin'ny loza ao amin'ny Internet. Hoy izy: "Mahay teknolojia kokoa ny ankizy, fa ny ray aman-dreny no nahita fiainana kokoa."

Nihanalaza ny tranonkala fifaneraserana tato ho ato. Efa matotra tsara ve ny zanakao ka afaka mampiasa azy ireny? Ianao ihany no mahita an'izany. Toy ny mitondra fiara na ny manana kaonty any amin'ny banky ihany ny mampiasa tranonkala fifaneraserana, ka ilana fitandremana be. Inona no sasany amin'izany loza izany?

**TSIAMBARATELO:** Tsy takatry ny tanora maro ny vokatry ny fametrahana fanazavana be loatra ao amin'ny Internet. Mety hampidi-doza anareo mianakavy ny filazany hoe aiza izy no mipetraka na mianatra, na hoe rahoviana izy no ao an-trano na tsy ao.

***Inona no azonao atao?*** Nampianarinao hitodika any ankavia sy any ankavanana ny zanakao alohan'ny hiampitany arabe, tamin'izy mbola kely. Maninona raha ampianarina hiaro tena koa izy ireo rehefa mampiasa Internet, satria efa mihalehibe? Vakio ilay fanazavana momba ny tsiambaratelo ao amin'ny "Manontany ny Tanora" ao amin'ny *Mifohaza!* Jolay 2011. Jereo koa ny *Mifohaza!* Oktobra 2008, pejy 3-9. Iaraho midinika amin'ny zanakao izany avy eo. Ampio izy hanana "ny fahendrena sy ny fahaiza-misaina", mba ho voaro rehefa mampiasa Internet. —Ohabolana 3:21.

**FOTOANA:** Mety hanandevo ny tranonkala fifaneraserana. Hoy i Rick, 23 taona: "Tsy te hiala mihitsy aho nefa vao hainga-na kely no nanana kaonty. Lany fotoana nijery sary sy fanamarihana aho."

***Inona no azonao atao?*** Vakio sy iaraho midinika amin'ny zanakao ilay lahatsoratra hoe "Manontany ny Tanora Hoe... Andevozin'ny Fitaovana Elektronika ve Aho?", ao amin'ny *Mifohaza!* Janoary 2011. Diniho tsara ilay efajoro hoe "Nandevozin'ny Tranonkala Fifaneraserana Aho", eo amin'ny pejy 26. Ampio 'hahay handanjalanja eo amin'izay zavatra fanaony' ny zanakao, ary fero ny fotoana hampiasany Internet. (1 Timoty 3:2) Ampahatsiahivo azy fa betsaka ny zavatra azo atao ankoatra ny manao zavatra ao amin'ny Internet.

**LAZA:** Hoy ny ohabolana iray ao amin'ny Baiboly: "Na ny zaza aza dia mampiseho amin' ny ataony raha madio sy mahitsy ny fanaony." (Ohabolana 20:11) Marina mihitsy izany rehefa mampiasa Internet. Natao ho an'ny *olon-drehetra* koa ny tranonkala fifaneraserana, ka mety hisy fiantraikany eo amin' ny lazan'ny zanakao sy ny lazanareo mianakavy ny zavatra apetraky ny zanakao ao.

***Inona no azonao atao?*** Tokony ho fantatry ny tanora fa *amantarana ny maha izy azy* ny zavatra apetrany ao amin'ny Internet. Tokony ho fantany koa ilay hoe misy kopian'izay rehetra atao ao amin'ny Internet, any ho any. Hoy i Gwenn O'Keeffe ao amin'ny boky iray momba ny fampiasana Internet: 'Sarotra amin'ny ankizy ny mahatakatra hoe *voatahiry* ao amin'ny Internet izay zavatra atao ao, nefa tena ilainy ny mahafantatra an'izany. Ampahatsiahivo ny ankizy fa tsy tokony hotenenina ao amin'ny Internet izay zavatra tsy sahiny lazaina mivantana amin'ny olona.'

**NAMANA:** Hoy i Tanya, 23 taona: "Te hiseho hoe be mpitia ny tanora maro, ka mora manaiky rehefa misy olon-tsy fantatra na olona maditra mangataka ny ho 'namany.' "

***Inona no azonao atao?*** Ampio ny zanakao mba hahay hametra fitsipika momba an' izay hekeny ho namana. Tsy ampidirin'i Alicia, 22 taona, ho anisan'ny namany foana, ohatra, ny naman'ny namany. Hoy izy: "Raha tsy fantatro ianao na mbola tsy hitako, dia tsy hampidiriko ho isan'ny namako, satria fotsiny hoe naman'ny namanao aho."

Nampiasa tranonkala fifaneraserana koa i Tim sy Julia, mba hahafahana manaramaso ny naman'ny zanany sy izay apetrany ao. Hoy i Julia: "Nasainay nampidiriny ho namany izahay. Toy ny hoe ampandrosoany ao an-trano ny olona ifandraisany. Tianay ho fantatra izy ireny."



*Sary nataon'i El-Wasiti tamin'ny taonjato faha-13, mampiseho ny fivahiniana masina nataon'ny Silamo*

Scala/White Images/Art Resource, NY

# Nampahafantatra ny Tantarany i Ibn Battuta

NISY tovolahy atao hoe Abu ibn Battuta niainga avy tao Tanger, Maroc, tamin'ny 1325. Nitety faritra maro izy ary tonga hatrany amin'ny toerana lavitra indrindra fantatra tamin'izany, toa an'i Chine, Inde, Indonezia, Mali, Persa, Rosia, Syria, Tanzania, Torkia, ary ireo tany arabo rehetra. Nanao dia 120 700 kilaometatra teo ho eo izy. Izany no dia lavitra indrindra nataon'olona, talohan'ny nisian'ny fitaovam-pitaterana mandeha amin'ny etona.

Ilay Silamo mpitety tany sy mpanao dia lavitra indrindra talohan'ny andro maoderina, no niantsoana an'i Ibn Battuta. Nisy boky nosoratana momba ny dia nataony, 30 taona latsaka kely taorian'ny nanombohany nitety tany. Ahalalana ny fomba fiainan'ny olona sy ny fomba amam-panao tamin'ny taonjato faha-14 izany, indrindra fa ny fombafomban'ny Silamo.

### Hanao fivahiniana masina any Lameka

Niainga avy tao Tanger i Ibn Battuta mba hitsidika an'ireo toerana masina sy hanao ny *hadj,* na ny fivahiniana masina any Lameka. Izany no takina amin'ny olon-dehibe silamo rehetra manam-bola hanaovana dia sady matanjaka tsara. Any amin'ny 4 800 kilaometatra eo ho eo any atsinanan'i Tanger no misy an'i Lameka. Toy ny olon-kafa ho any Lameka, dia tsy nandeha irery i Ibn Battuta, fa niaraka tamin'ny olona maromaro afaka nanampy sy niaro azy.

*Qadi* na mpitsara ny rain'i Ibn Battuta, ka nampianarina ho mpitsara izy. Izany no fampianarana ambony indrindra tao Tanger. Fantatr'ireo mpiara-dia taminy izany, ka nasain'izy ireo nandamina an'izay fifamaliana teny an-dalana izy.

### Tany Aleksandria sy Le Caire ary Nil any Ejipta Ambony

Nanaraka ny morontsirak'i Afrika Avaratra izy ireo ary tonga tao Ejipta. Nahita ny tilikambo fanilon-tsambo malazan'i Aleksandria i Ibn Battuta tao. Efa nihasimba izy io tamin'izay. Hoy izy momba an'i Le Caire: "Tsy hita isa ireo tranobeny ary tapitra ohatra ny hatsarany. Ao no mihaona ny mpiavy sy ny mpanao dia ary ny malemy sy ny matanjaka, izay manao be fiavy toy ny onjan-dranomasina." Nahasondriana azy ny sambo, zaridaina, tsena, toeram-pivavahana, ary ny fombafomba tao amin'io tanàn-dehibe io. Niresaka tamin'ireo mpitondra fivavahana sy manam-pahaizana ary olona ambony hafa tao Ejipta koa izy ka notohanan'izy ireo. Lasa fanaon'i Ibn Battuta ny toy izany.

Niala tao Le Caire izy ary nanaraka ny reniranon'i Nil. Nampiantrano azy ny mpivavaka sy

ny olona tany amin'ny monasitera ary ireo tany amin'ny trano fitaizana sy fianarana notohanan' ny tsara sitrapo. Fahita tany amin'ny tanànan'ny Silamo ny trano toy ireny. Tonga tany Ejipta Ambony izy ary saika hamakivaky ny tany efitra mba ho any amin'ny Ranomasina Mena, handray sambo ho any amin'ny faritra andrefan'i Arabia, ho any Médine, izay nisy ny toeram-pivavahan'i Mahometa mpaminany, ary ho any Lameka. Niverina tany Le Caire anefa i Ibn Battuta noho ny ady.

### Nanalavi-dalana

Mbola te ho any Médine sy Lameka ihany izy ka nianavaratra nankany Gaza, nandalo tao Hebrona, ary nandalo teo amin'ilay toerana noheverina fa nandevenana an'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba. Nahita an'ireo mihambo ho Kristianina nankamasina ny toerana nahaterahan'i Jesosy izy rehefa nijanona tao Betlehema, tamin' izy ho any amin'ny Dôme du Rocher any Jerosalema.

Nianavaratra nankany Damaskosy i Ibn Battuta avy eo. Niara-nianatra tamin'ny manam-pahaizana silamo izy tao ka nahazo diplaomana mpampianatra. Nilaza izy fa ny Mosquée des Omeyyades tao Damaskosy no toeram-pivavahana "tsara tarehy indrindra" eran-tany. Nisy tsena tao ary nahitana firavaka, fitafiana, taratasy sy fitaovana fanoratana, boky, ary zavatra vita amin'ny vera. Nisy trano heva natao hisoratampanambadiana maromaro koa tao. "Olona nahazo alalana tamin'ny *qádí* [mpitsara] no manao ny fisoratam-panambadiana" ary "vavolombelona dimy na enina no mpanatrika." Nanambady i Ibn Battuta tamin'izy tao Damaskosy. Tsy io irery anefa no vadiny ary tsy dia resahina ao amin'ny tantarany izy ireny.

Nahita mpivavaka ho any Lameka koa izy tao Damaskosy ary niaraka tamin'ireo. Nijanona teo amin'ny loharano iray izy ireo. Fitoeran-drano lehibe vita amin'ny hoditr'omby no fampiasan'ny mponina teo. Maka rano amin'izy ireny ny mpanao dia lavitra mba hosotroin'ny rameva sy hamenoana ny siny hoditra hoentina any antany efitra. Ela ny ela ka tonga tany Lameka ihany izy. Niverina tany inenina izy taorian'izay. Matetika no mody avy hatrany ny olona avy manao fivahiniana masina. Ary i Ibn Battuta? Mbola nankany Bagdad izy satria "te hahita zavabaovao", hoy ny mpanoratra iray.

### Nandeha lavitra be mihitsy

Tao Bagdad no foiben'ny Silamo tamin'izany, ary nampitolagaga an'i Ibn Battuta ireo trano fandroana ho an'ny besinimaro hitany tany. Hoy izy: "Ahitana efitra fandroana maromaro ny trano fandroana tsirairay, ary nisy fanasantanana misy rano mangatsiaka sy mafana eo an-joron'ny efitra tsirairay." Afaka nihaona tamin'i Abu Saïd Mpanjaka izy, noho ny jeneraly tsara fanahy iray. Nomen'io mpanjaka io soavaly iray sy akanjo mihaja iray i Ibn Battuta, ary nasainy nomen'ny governoran'i Bagdad rameva sy vatsy.

Nandray sambo nankany Mogadiscio sy Mombasa ary Zanzibar, any Afrika Atsinanana, i Ibn Battuta, ary nankany Arabia sy tany amin'ny Hoala Persika avy eo. Notantarainy ny momba ny mponin'ireny toerana ireny sy ny fombafombany ary ny vokatra any. Tia mandray vahiny, hoy izy, ny any Somalia ka mikarakara ny mpivaro-mandeha. Mitsako voam-betela kosa ny any Yémen ary mamboly voaniho. Ny any amin'ny Hoala Persika indray, mitady perla any anaty rano. Nanalavi-dalana izy rehefa ho any Inde, ka namakivaky an'i Ejipta, Syria, ary Anatolie (Torkia), niampita ny Ranomasina Mainty, nankany avaratry ny Ranomasina Caspienne, ary nidina tany amin'ireo tany antsoina ankehitriny hoe Kazakhstan, Ouzbékistan, Afghanistan, ary Pakistan.

### Avy any Inde nankany Chine

*Qadi* ho an'ny mpanjakan'i Delhi nandritra ny valo taona i Ibn Battuta, tany Inde. Fantatr' ilay mpanjaka fa tia mitety tany i Ibn Battuta ka nirahiny ho any amin'i Togon-Temür, mpanjakan'i Chine, ary nampitondrainy an'ireto fanomezana ireto: "Soavaly tsara karazana 100, andevo fotsy hoditra 100, mpandihy sy mpihira hindoa 100, karazana akanjo 1 200, fitoeran-dabozia sy koveta vita amin'ny volamena sy volafotsy, akanjo misy peta-kofehy, satroka, tranon-jana-tsipìka, sabatra, gan-tanana voahaingo perla, ary lehilahy novosirina 15."

Nahita sambo goavam-be mpitondra entana i Ibn Battuta, tao amin'ny seranan'i Calicut, any

amin'ny faritra atsimon'i Inde. Ho any Chine koa izy ireo. Nahatratra 12 ny lain'ny sambo tsirairay ary vita tamin'ny bararata norarina. Nisy tantsambo 600 sy miaramila 400 isaky ny sambo. Nipetraka teny an-tsambo ny fianakavian' ny tantsambo, ary namboly "zava-maitso sy legioma ary sakamalao tao anaty vata hazo izy ireo", hoy i Ibn Battuta.

Tsy tonga tany Chine i Ibn Battuta satria vaky sambo. Niara-niasa tamin'ny filoha silamo iray tany Maldives kosa izy ary izy no voalohany nitantara ny fombafomban'izy ireo. Tonga tany Chine ihany izy, nony farany. Betsaka ny zavatra nahafinaritra azy tany nefa nisy zavatra nanafintohina azy koa satria mifanohitra amin'ny finoany. Misy tsy mino hoe tena tonga hatrany Chine izy, satria kely fotsiny ny zavatra tantarainy momba ny diany tany. Mety ho teny amin'ny seranana tany amin'ny faritra atsimon'i Chine fotsiny izy.

***Sarintany tamin'ny 1375, mampiseho ny faritra sasany notsidihin'i Ibn Battuta***

Snark/Art Resource, NY



### Alahelo rehefa nody

Tonga tao Damaskosy i Ibn Battuta tamin'ny 1348. Reny fa efa 12 taona no nahafatesan'ny zanany lahy, izay nilaozany tao, 20 taona teo ho eo talohan'izay, ary efa 15 taona no nahafatesan'ny rainy, izay nipetraka tany Tanger. Namely ny Pesta Mainty tamin'izay. Nilaza i Ibn Battuta fa nisy 21 000 isan'andro no maty tao Le Caire.


Tonga tany Maroc izy, herintaona taty aoriana, tamin'izy 45 taona. Matin'ny Pesta Mainty koa ny reniny, volana vitsivitsy talohan'izay. Vao 21 taona i Ibn Battuta tamin'ny niala tao. Nahafa-po azy ve ireo 24 taona nitetezany tany? Tsy izany mihitsy, satria tsy ela izy dia nankany Espaina indray. Telo taona taorian'izay izy dia nankany amin'ny Reniranon'i Niger sy tany Tombouctou, tanàna afrikanina any Mali ankehitriny. Io no dia farany nataony.

### Nasaina nanoratra ny tantarany

Ren'ny mpanjakan'i Fès, any Maroc, ny dian'i Ibn Battuta ka nasainy nosoratana mba hovakin'ny tao an-dapa. Nomeny ho mpitantsoratra i Ibn Juzayy. Vitsy no tia namaky an' ilay izy tamin'ny soratra arabo. Tamin'ny taonjato faha-19 ireo manam-pahaizana tany Eoropa vao nahita azy io, ary taorian'izay vao nadika tamin'ny fiteny tany amin'ny Tany Tandrefana izy io.

Nofintimpintinin'i Ibn Juzayy ny fitantarana an'ireo dia, nefa hita hoe mbola nisy namboamboariny ihany. Na izany aza, dia io fitantarana io ihany no mba nahafantarana ny fiainana, ny raharaham-barotra, ny fombafomba, ny fivavahana, ary ny politika tany amin'ireo tany notsidihin'i Ibn Battuta, indrindra fa ny tany amin'ireo tany silamo.

# Ny Jaboran'ny Biby An-dranomasina




● Efa ho 40 kilaometatra isan'ora ny hafainganam-pandehan'ny feso. Efa ela izany no nampiasa saina ny mpahay siansa, satria tsy betsaka ny hozatr'io biby io. Anisan'ny mahatonga ny feso ho afaka hilomano haingana ny jaborany. Ahitana jabora koa ao ambanin'ny hoditry ny trozona sy ny biby hafa any an-dranomasina.

**Diniho izao:** Hoy ny *Rakipahalalan'ny Tontolo Vaovao* (anglisy): "Ny jabora dia tambatsela mpampitohy milamina tsara ary feno tavy matevim-be." Efa ho ny vatan'ilay biby manontolo no rakotra jabora. "Misy hozatra madinika sy rohinofo be dia be misandrahaka sy mifandray tsara mampiraikitra [an'ilay jabora] amin'ny hozatra sy ny karana." Nofo toy ny kofehy elastika sy proteinina kosa no hita ao amin'ireo hozatra madinika sy rohinofo. Misy an'io proteinina io koa any amin'ny hoditra sy taolana. Tsy sosona tavy natao hiaro amin'ny hatsiaka fotsiny àry ilay jabora, fa tambatsela be pitsiny maro be koa.

Misy karazana feso mahavita milomano 56 kilaometatra isan'ora. Nahoana ny jabora no manampy ny feso sy ny biby hafa hilomano haingana? Misy vokany eo amin' ny bikan'ilay biby ny jaborany, ka lasa afaka milomano haingana izy. Ankoatra izany, dia hafakely ny fomba itambaran'ireo proteinina sy nofo toy ny kofehy elastika, ao amin' ny jabora eo anelanelan'ny rambony sy ny vombony. Mifampidipiditra izy ireo, ka afaka mipelipelika tsara ny rambony nefa tsy mandreraka azy. Rehefa manetsika ny rambony ilay biby, dia misintona an'ilay rambo hiverina ilay jabora, izay toy ny resaoro. Vao mainka mandeha mafy izy amin'izay nefa tsy reraka be.

Manampy an'ilay biby hitsinkafona koa ny jabora sady mitahiry hafanana. Ilain'ilay biby ny taviny rehefa tsy dia misy ny sakafo. Tsy mahagaga àry raha te hianatra momba ny jabora ny olona te hanamboatra sambo tsara kokoa sy mandeha haingana kokoa.

**Ahoana ny hevitrao?** Tongatonga ho azy ve ny jabora sy ireo zavatra maro mampiavaka azy, sa nisy namorona?

# Tsy Nampiova Ahy ny Nazia

NOTANTARAIN'I **HERMINE LISKA**



NAHAFINARITRA erỳ ny fahazazako. Niova tampoka anefa izany tamin'ny 1938, rehefa nofehezin'ny Nazia notarihin'i Adolf Hitler i Aotrisy, tany niaviako. Nasaina nanao "Heil Hitler" sy nihira ny hiran'ny Nazia ary niditra ho anisan'ny Tanora Mpanohana An'i Hitler izahay sy ny mpiara-mianatra tamiko. Tsy nanaiky hanao an'izany mihitsy aho. Aleo hotantaraiko izay nitranga.

Efa-dahy ny zokiko ary nipetraka tao amin' ny toeram-pambolena sy fiompiana iray tany Sankt Walburgen, atỳ Aotrisy, izahay. I Johann sy Elisabeth Obweger no ray aman-dreniko. Lasa *Bibelforscher,* na Mpianatra ny Baiboly, i Dada, tamin'ny 1925. Izany no niantsoana ny Vavolombelon'i Jehovah tamin' izany. I Neny kosa vita batisa tamin'ny 1937. Mbola kely aho dia efa nampianarin'izy ireo ny toro lalan'ny Baiboly ary nampiany ho tia an'Andriamanitra sy ny zavaboariny. Nampianariny ahy, ohatra, fa ratsy ny mivavaka amin' ny olona, satria hoy i Jesosy Kristy: "I Jehovah Andriamanitrao no tsy maintsy iankohofanao, ary ho azy irery ihany no tsy maintsy anaovanao fanompoana masina."—Lioka 4:8.

Tia nandray vahiny i Dada sy Neny. Be vahiny foana izahay ary nisy tantsaha maro niara-nipetraka taminay fito mianaka. Tia nihira izahay, ary efa fomban'ny mponin'i Carinthie izany, hatramin'izao. Imbetsaka koa izahay no niresaka momba ny Baiboly. Mbola tsaroako izahay mianakavy niara-nianatra Baiboly tao an-trano, isaky ny alahady maraina.

### Fotoana nampihorohoro

Nofehezin'i Alemaina i Aotrisy, tamin'izaho valo taona teo ho eo. Noterena hanaiky an' izay nolazain'ny Nazia ny olona, nanomboka teo, ary lasa "Heil Hitler" no fomba fiarahabana. Tsy nety nanao an'izany aho satria "famonjena" no dikan'ny teny alemà hoe "heil", ary tsy hanaiky mihitsy aho hoe avy amin'i Hitler ny famonjena! Fantatro fa i Jesosy Kristy no Mpamonjy ahy. (Asan'ny Apostoly 4:12) Nesoin'ny mpampianatra sy ny ankizy aho noho izany. Hoy ny talen'ny sekoly, tamin'izaho 11 taona: "Haveriko any amin'ny T1 any ianao ry Hermine a! Tsy mila ankizy mafy loha ato am-pianarana aho."

Notsaraina i Dada satria tsy nety nanao "Heil Hitler" ny zanany. Nasaina nosoniaviny ny taratasy iray milaza hoe mandà ny finoany izy. Voalazan'ilay taratasy fa tokony hampianariny hanana ny fomba fihevitry ny Nazia ny zanany. Tsy nety nanao sonia i Dada ka tsy navela nitaiza anay intsony izy sy Neny. Nalefa tany amin'ny fitaizana zaza maditra aho, any amin'ny 40 kilaometatra avy tao an-trano.

Nalahelo ny tany an-trano aho ary nitomany foana. Nanery ahy hiditra ho anisan'ny Tanoran'i Hitler ilay vehivavy nitaiza anay nefa tsy nahomby. Nitady hanainga ny tanako ankavanana ny ankizivavy hafa, nandritra ny fananganan-tsaina, nefa tsy nahavita. Tsapako ny tsapan'ny mpanompon'Andriamanitra fahiny. Hoy izy ireo: "Sanatria anay ny hahafoy an'i Jehovah mba hanompo andriamani-kafa." —Josoa 24:16.

Tsy navela nitsidika ahy i Dada sy Neny. Nahita fomba hihaonana tamiko anefa izy ireo rehefa teny an-dalana hianatra aho, na tany am-pianarana. Tena nanampy ahy tsy hivadika amin'i Jehovah ireny fotoana fohy ireny. Nomen'i Dada Baiboly kely aho ary nafeniko tao am-pandriana izany. Tiako be ny namaky an'ilay izy na dia tsy maintsy niafina aza aho rehefa namaky azy. Saika tratra aho indray mandeha, nefa nafeniko haingana tao anaty bodofotsy ilay izy.

**Tany amin'ny tranon-drelijiozy**

Niahiahy ny manam-pahefana hoe mbola nandresy lahatra ahy ny ray aman-dreniko matoa tsy niova mihitsy aho. Nalefa lamasinina ho any Munich, any Alemaina, àry aho tamin' ny Septambra 1942, ary napetraka tao amin' ny sekoly katolika sady tranon-drelijiozy nantsoina hoe Adelgunden. Hitan'ny masera ilay Baiboliko tamin'izay ka nalainy.

## "Tsy mpanara-dia ny anadahiko aho fa mpanara-dia an'i Jesosy Kristy"

Tapa-kevitra ny tsy hiala amin'ny finoako mihitsy aho ary tsy nety nanatrika fotoam-bavaka. Nilazako ny masera iray hoe namaky Baiboly ho ahy ny ray aman-dreniko isak'alahady. Gaga aho fa naveriny ilay Baiboliko. Azo inoana fa nanohina ny fony ny teniko. Navelany hamaky Baiboly ho azy mihitsy aza aho.

Hoy ny mpampianatra iray indray mandeha: "Hermine a, mavo volo indrỳ ary manga maso. Alemà indrỳ fa tsy Jiosy. Andriamanitry ny Jiosy ange izany Jehovah izany e!"

"Fa i Jehovah no nanao ny zava-drehetra. Izy no Mpamorona antsika rehetra", hoy aho.

Niezaka nandresy lahatra ahy koa ilay tale. Hoy izy indray mandeha: "Hermine a! Nanao miaramila ny anadahinao iray. Tena tokony hanao hoatr'azy ianao!" Fantatro fa nisy nanao miaramila ny anadahiko, nefa tsy nieritreritra ny hanao hoatr'azy mihitsy aho.





▲ ***I Elisabeth sy Johann Obweger, ray aman-dreniko***

Sary roa: Foto Hammerschlag

◄ ***Izahay mianakavy tao amin'ny toeram-pambolena tany Sankt Walburgen***

Hoy aho: “Tsy mpanara-dia ny anadahiko aho fa mpanara-dia an’i Jesosy Kristy.” Nampitahorin’ilay tale àry aho hoe halefa any amin’ny mpitsabo aretin-tsaina, ary nasainy nitondra ahy mihitsy ny masera iray. Tsy natao’ilay tale akory anefa izany.

Nisy nanjera baomba tao Munich tamin’ny 1943 ary nalefa tany ambanivohitra ny ankizy tao Adelgunden. Matetika aho no nahatsiaro an’ilay tenin’i Neny hoe: “Tadidio fa eo anilan-drỳ foana i Jehovah sy Jesosy raha sanatria ka tafasaraka isika ary tsy mahazo taratasy avy atỳ amiko indrỳ. Mivavaha foana fa tsy handao an-drỳ mihitsy izy ireo.”

#### Navela hody

Naverina tao Adelgunden indray aho tamin’ny Martsa 1944. Tsy nisy farany ny zera baomba tao Munich ka tany amin’ny toby fiarovana amin’ny fanafihana ana habakabaka izahay, na andro na alina. Efa nangataka foana koa ny ray aman-dreniko mba haverina amin’izy ireo aho. Nekena izany tamin’ny farany ary niverina tany an-trano aho tamin’ny faran’ny Aprily 1944.

*Izahay mivady*



Niova be ilay tale rehefa nanao veloma azy aho. Hoy izy: “Mba manorata ry Hermine rehefa tonga any aminareo ianao a! Dia aza miova mihitsy!” Reko fa rehefa lasa kelikely aho dia ankizivavy sivy sy masera telo no matin’ny zera baomba. Mahatsiravina ny ady!

Faly aho fa tafaraka tamin’ny fianakaviako indray. Natao batisa tao anaty kovetabe aho, ho mariky ny fanokanan-tenako ho an’i Jehovah, raha mbola nafotaka ny ady, tamin’ny Mey 1944. Nifarana ny ady tamin’ny 1945 ary nanomboka nitory manontolo andro aho. Tsy andriko ny hitoriana ny vaovao tsara momba ny Fanjakan’Andriamanitra. Io ihany no azo antenaina hitondra fiadanana sy filaminana maharitra ho an’ny olombelona.—Matio 6:9, 10.

Nihaona tamin’i Erich Liska aho tamin’ny 1950. Vavolombelon’i Jehovah mpitety faritany izy ary avy ao Vienne, Aotrisy. Nivady izahay tamin’ny 1952 ary niaraka taminy aho rehefa nitsidika fiangonana izy.

Teraka ny zanakay voalohany tamin’ny 1953 ary niteraka roa izahay tatỳ aoriana. Nitombo ny andraikitray ka tsy nitory manontolo andro intsony izahay fa nikarakara ny fianakavianay. Hitako fa tsy mandiso fanantenana an’izay mifikitra aminy mihitsy i Jehovah fa manohana azy foana. Tsapako fa marina izany. Nampionona sy nampahery ahy tokoa i Jehovah, indrindra taorian’ny nahafatesan’ny vadiko, tamin’ny 2002.

Velom-pisaorana an’i Dada sy Neny aho rehefa mamisavisa ny lasa. Mbola kely aho dia efa nampian’izy ireo ho tia an’i Jehovah sy ny Baiboly, izay mirakitra ny tena fahendrena. (2 Timoty 3:16, 17) I Jehovah anefa no tena isaorako satria mbola omeny hery aho mba hahazakako ny olana eo amin’ny fiainana.

**VALIN’NY PEJY 30 SY 31**

**1.** Kalesin’i Namàna. **2.** Kitapo misy volafotsy.
**3.** Akanjo. **4.** 172 000. **5.** E.

## Biby sy Zavamaniry any Amazonia

Anisan'ny faritra be biby sy zavamaniry indrindra ny faritra manamorona ny Reniranon'i Amazone. Milaza ny World Wildlife Fund (WWF) fa tato anatin'ny folo taona dia 1 200 mahery ny karazana zavamaniry, trondro, biby mivelona anaty rano sy an-tanety, biby mandady, vorona, ary biby mampinono hita sy nosokajina tany, izany hoe iray eo ho eo isaky ny telo andro. Hoy i Sarah Hutchison, mpandrindra ny WWF any Brezila: "Mahagaga ny hamaroan'ireo karazana biby sy zavamaniry vao hita. Tsy tafiditra amin'izany aza ny bibikely."

**Lazaina fa tsy manimba tontolo iainana ny entam-barotra sasany** any Kanada sy Etazonia. Entana 5 296 anefa no nanaovana fanadihadiana ka "hita fa tsy voaporofo akory hoe tena tsy manimba tontolo iainana" ny 95 isan-jatony.—*TIME,* ETAZONIA.

"Nisy zavatra hafahafa" hitan'ny mpitandro filaminana, **rehefa notarafina ny entan'ny vehivavy iray** tao amin'ny seranampiaramanidina iraisam-pirenen'i Bangkok. Nosavana ny sakaosiny ka nahitana zanaka tigra nampatorina.—WORLD WILDLIFE FUND, TAILANDY.

## Adin-tsaina any Am-piasana

Ny iray ampahadimin'ny Failandey no mahita fa tsy miasa tsara izy ireo satria tsy mahavita mifantoka sy very tadidy. Milaza ny Fikambanana Failandey Mikarakara ny Fahasalaman'ny Mpiasa fa mihabetsaka ny olona latsaka ny 35 taona tratran'izany. Amin'io taona io anefa no tena tokony hiasa tsara ny atidoha. Anisan'ny mahatonga an'ilay olana ny hoe be loatra ny fanazavana azo ary miova foana ny fomba fiasan'ny ordinatera. Hoy i Kiti Müller, mpampianatra: "Maro no mahatsapa hoe be loatra ny fanazavana azony ka tsy hainy intsony izay tena ilaina amin'ny asany." Hoy ny *Helsinki Times:* "Raha miady saina lava isika, dia ho zatra an'izany ny atidoha ka tsy ho taitra intsony raha tsy efa marary be."



## Mampahery Setra ve ny Lalao Video?

Misy vokany maharitra eo amin'izay milalao azy ve ny lalao video misy herisetra? Nasain'ny mpikaroka nanao lalao video misy herisetra sy tsy misy herisetra ny ankizilahy sy ankizivavy mpianatra, nandritra ny 20 minitra. Nampirisihina hieritreritra momba an'ilay lalao ny antsasak'izy ireo, avy eo. Voalazan'ny tatitra hoe: "Nifaninana tamin'izay noheveriny fa afaka mifaninana aminy izy ireo ny ampitson'iny. Nifanaraka izy ireo hoe hifaninana amin'ny zavatra iray, ka izay resy dia hampihainoana feo mankarenin-tsofina." Nahery setra kokoa ireo ankizilahy nasaina nieritreritra an'ilay lalao. Hoy ireo nanao an'ilay fikarohana, araka ny voalazan'ny gazety iray: "Matetika no milalao mihoatra ny 20 minitra ireo mpilalao video mahery setra, ary mety ho zatra mieritreritra momba an'ilay izy." Tsy dia misy vokany eo amin'ny vehivavy kosa izany. Tsy tia lalao video misy herisetra izy ireo, amin'ny ankapobeny.

# INONA NO LAZAIN'NY BAIBOLY?

# Mankasitraka ny Ady Ankehitriny ve Andriamanitra?

MPIADY i Davida mpanjakan'ny Israely fahiny. Hoy izy: "Mampianatra ny tanako hiady [Andriamanitra], ary ny sandriko no nampiasaiko hamatorana ny tadin'ny tsipìka varahina."—Salamo 18:34.

Hoy ny apostoly Paoly momba ny Kristianina: "Na dia velona amin'ny maha nofo aza izahay, dia *tsy* mba miady araka ny fironan'ny nofonay. Fa *tsy* araka ny nofo ny fitaovam-piadianay."—2 Korintianina 10:3, 4.

Mifanohitra ve ireo andinin-teny ireo? Sa misy antony matoa navelan'Andriamanitra hiady ny Israelita fahiny fa tsy avelany kosa ny Kristianina? Niova ve ny fiheveran'Andriamanitra ny ady? Hazava amintsika ireo rehefa dinihintsika ny lafiny telo lehibe tsy mampitovy ny Israelita sy ny tena fiangonana kristianina.

### Lafiny telo tsy itovizany

**1.** Nomen'Andriamanitra tany voafaritra tsara ny firenen'Israely fahiny. Matetika no ratsy fanahy ireo firenena teo akaikiny. Nasain' Andriamanitra niaro ny taniny àry ny vahoakany, ary nataony nandresy ny fahavalony mihitsy aza. (Mpitsara 11:32, 33) Tsy mipetraka ao amin'ny faritra iray kosa ny fiangonana kristianina fa miely eran-tany. Hiady amin'ny mpiray finoana aminy àry ny mpanara-dia an'i Kristy ao amin'ny tany iray raha mandray anjara amin'ny ady atao amin'ny firenen-kafa. Tokony ho tia ny mpiray finoana aminy anefa izy ireo ary tokony ho vonona ho faty ho azy ireo mihitsy aza.—Matio 5:44; Jaona 15:12, 13.

**2.** Olombelona no mpanjakan'ny Israely fahiny ary avy tao Jerosalema no nanjakany. Anjely mahery kosa i Jesosy Kristy, izay mpanjakan'ny tena Kristianina, ary avy any an-danitra izy no manjaka. (Daniela 7:13, 14) Hoy i Jesosy: "Tsy anisan'ity tontolo ity ny fanjakako. Raha anisan'ity tontolo ity ny fanjakako, dia ho niady ny oloko mba tsy ho natolotra tamin'ny Jiosy aho. Tsy avy amin'izany anefa ny fanjakako." (Jaona 18:36) Tsy misy fanjakana na fitondrana afaka milaza hoe an'i Kristy àry eto antany. Misy vokany eo amin'ny 'olon'i Jesosy' na ny mpanara-dia azy izany, araka ilay hevitra fahatelo.

**3.** Toy ny firenena rehetra, dia matetika no naniraka mpitondra hafatra ny Israely fahiny. Mety hantsoina hoe ambasadaoro na iraka izy ireny ankehitriny. (2 Mpanjaka 18:13-15; Lioka 19:12-14) Maniraka mpitondra hafatra koa i Kristy, ary ny mpanara-dia azy *rehetra* no ambasadaoro na iraka. Afaka nilaza toy izao tamin'ireo Kristianina namany àry ny apostoly Paoly: 'Ambasadaoro solon'i Kristy isika.' (2 Korintianina 5:20) Ambasadaoro tia fihavanana izy ireo ka tsy nampiasa fitaovam-piadiana. Ankoatra izany, dia mitory amin'izay *rehetra* maniry hihaino azy ny mpanara-dia an'i Jesosy. Hoy i Jesosy: "Hotorina maneran-tany ity vaovao tsaran'ilay fanjakana ity, ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra." (Matio 24:14) Hoy koa izy: "Koa mandehana àry, ataovy mpianatra ny olona any amin'ny firenena rehetra. ... Ampianaro izy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo."—Matio 28:19, 20.

Mampalahelo fa tsy ny rehetra no mandray tsara an'ireo mpanara-dia an'i Kristy. Izany no nahatonga an'i Paoly hanoratra ho an'i Timoty, mpitory ny vaovao tsara, hoe: "Miaramila tsaran'i Kristy Jesosy ianao, ka miareta koa fahoriana." (2 Timoty 2:3) Mazava ho azy fa tsy nampiasa fitaovam-piadiana ara-bakiteny i Timoty. Anisan'ny fitaovam-piadiany ny Tenin'



*Toy ny mpianakavy ny Vavolombelon'i Jehovah eran-tany ka tsy mandray anjara amin'ny adin'ireo firenena*

Andriamanitra, na "ny sabatry ny fanahy."—Efesianina 6:11-17.

### Nahoana no nosoloan'Andriamanitra ny firenen'Israely?

Niavaka ny fifandraisan'Andriamanitra sy ny firenen'Israely, nandritra ny 1 500 taona teo ho eo. Niorina tamin'ny fifanekena iray izany. (Eksodosy 19:5) I Mosesy no mpanelanelana tamin'ilay fifanekena, izay nahitana ny Didy Folo sy ny lalàna hafa. Afaka nanaraka ny fivavahana marina sy nanana fitondran-tena tsara ny olona, noho ireo lalàna ireo. (Eksodosy 19:3, 7, 9; 20:1-17) Mampalahelo fa nivadika tamin'Andriamanitra ny firenen'Israely, ary nahavita namono ny mpaminaniny mihitsy aza.—2 Tantara 36:15, 16; Lioka 11:47, 48.

Naniraka an'i Jesosy Kristy Zanany i Jehovah, tamin'ny farany. Izy no Mesia ary Jiosy izy nefa tsy nandray tsara azy ny Jiosy fa nanda azy. Notapahin'Andriamanitra àry ilay fifanekena nataony tamin'ny Israely hatramin'izay, ary toy ny hoe nirodana ilay rindrina nampisaraka ny Jiosy sy ny tsy Jiosy.* (Efesianina 2:13-18; Kolosianina 2:14) Nanorina ny fiangonana kristianina kosa Andriamanitra tamin'izay, ka i Jesosy no nataony Lohany. Olona avy amin'ny firenena samihafa no anisan'io fiangonana io, raha mbola tsy tapitra akory ny taonjato voalohany. Hoy ny apostoly Petera, izay Jiosy: "Amin'ny firenena rehetra, izay olona matahotra [an'Andriamanitra] ka manao ny marina no ankasitrahany."—Asan'ny Apostoly 10:35.

Manahaka ny Kristianina voalohany ny Vavolombelon'i Jehovah. Inona no tena ahafantarana azy ireo? Mitory amin'ny hafa izy ireo ary tsy mandray anjara amin'ny politika sy ny ady. (Matio 26:52; Asan'ny Apostoly 5:42) Mitory ny vaovao tsaran'ilay Fanjakan'Andriamanitra izy ireo, ary tsy misy avelany hanelingelina azy amin'izany. Io fitondram-panjakana io ihany no hamongotra ny faharatsiana sy hitondra fiadanana maharitra eto an-tany. Nieritreritra an'izany fanantenana kanto izany i Paoly. Hoy izy: "Solon'i Kristy izahay ka miangavy hoe: 'Mba mihavàna amin'Andriamanitra re ianareo e!'" (2 Korintianina 5:20) Tena maika noho ny hatramin'izay io asa fampihavanana io satria efa akaiky hifarana ny 'andro faran'ity' tontolo ratsy ity.—2 Timoty 3:1-5.

* Ny Israelita avy amin'ny fokon'i Joda no natao hoe "Jiosy", tamin'ny voalohany. Niantsoana ny Hebreo rehetra anefa izany, tatỳ aoriana.—Ezra 4:12.

**EFA NOERITRERETINAO VE IZAO:**

- **Inona no tokony hampiavaka ny Kristianina?—Jaona 13:34, 35.**
- **Inona no "fitaovam-piadiana" fampiasan'ny tena Kristianina? —Efesianina 6:17.**
- **Inona no hafatra lehibe ambaran'ireo solontenan'i Kristy?—Matio 24:14; 2 Korintianina 5:20.**

# Ny Tsara ho Fantatra Momba ny KANSERAN'NY NONO



TSY nahitana an'ireo zavatra mahazatra mahavoan'ny kanseran'ny nono i Lalao.* Efapolo taona izy, salama tsara, tsy manana havana voan'ny kanseran'ny nono, ary tsy nahitana zavatra hafahafa ny nonony rehefa notarafina. Nitsapa ny nonony anefa izy indray mandeha, tao amin'ny efitra fandroana, ka nahare zavatra mivonto. Hay kansera ilay izy! Ankona izy mivady rehefa nohazavain'ny dokotera izay fitsaboana azony nifidianana.

Taloha dia tsy maintsy nodidiana ny olona voan'ny kansera ka nesorina tanteraka ny nonony sy ny faritra misy ny atodintarina eo amin'ny tratrany sy ny heliny. Matetika koa ny fitsaboana simika sy ny fitsaboana amin'ny alalan'ny taratra no nanalava ny fotoana harariana. Tsy mahagaga raha ilay "fitsaboana" no atahoran'ny olona kokoa noho ilay aretina.

Ady mafy ny mitsabo kanseran'ny nono satria ilay aretina tsy maintsy fongorana nefa ilay marary tsy te hijaly be sy hanala ny nonony tsy amin'antony. Toa an'i Lalao ireo voan'ny kanseran'ny nono ankehitriny, ka mety ho afaka hifidy fitsaboana.# Manao fikarohana tsy an-kiato koa ny mpitsabo ary mamoaka tatitra. Manantena àry ny olona fa hisy fomba mahomby hamantarana mialoha an'ilay aretina sy hamantarana an'izay sakafo azo iarovan-tena aminy ary hitsaboana azy.

Mbola ny kanseran'ny nono no kansera tena mahafaty ny vehivavy, na dia mandroso aza ny fitsaboana.△ Any Amerika Avaratra sy Eropa Andrefana no tena be vehivavy voan'izy io, nefa efa mitombo koa izany any Azia sy atỳ Afrika. Betsaka amin'ireo vehivavy voan'izy io any Azia sy atỳ Afrika aza no maty. Nahoana? Hoy ny dokotera iray atỳ Afrika: "Tsy dia mieritreritra ny hijery an'ilay izy mialoha ny olona. Efa mihombo be ilay aretina vao manatona anay izy ireo."

Atahorana ho voan'ny kanseran'ny nono ny olona rehefa mandroso taona. Tokotokony ho ny 80 isan-jaton'ireo voan'izy io no 50 taona mahery. Soa ihany fa anisan'ny kansera mora tsaboina indrindra izy io. Azo sitranina tsara ireo marary raha hita mialoha ilay aretina. Ny 97 isan-jaton'izy ireo no mbola velona, dimy taona atỳ aoriana. Anisan'izy ireny i Lalao.

**Tsara ho fantatra**

Matetika no zavatra mivonto no amantarana ny kanseran'ny nono, toy ny an'i Lalao. Soa ihany anefa fa tsy mihanaka ny 80 isan-jaton'ny fivontosana toy ireny fa zavatra miangona fotsiny, toy ny kitapon-drano maromaro antsoina hoe kista.

Ahoana no iforonan'ny kanseran'ny nono? Misy sela iray mizarazara haingana be tsy toy ny mahazatra, ary mahatonga fivontosana. Lasa kansera kosa io fivontosana io rehefa mifindra eny amin'ny tambatsela hafa ireo sela. Mitombo haingana ny fivontosana sasany, fa ny hafa kosa mety hahatratra folo taona vao hita.

* Novana ny anarana sasany.
# Tsy mampirisika ny olona hanaraka fitsaboana manokana ny *Mifohaza!*
△ Mahalana no misy lehilahy voan'ny kanseran'ny nono.



## SORITR'ARETINA MILA JERENA

Tena tsara raha hita mialoha ilay aretina. Asehon'ny fikarohana sasany anefa fa mety tsy ho tena marina ny valin'ny fitarafana na ny fizahana nono raha mbola tanora kokoa ny vehivavy. Lasa mitsabo tena sy miady saina tsy amin'antony izy ireo. Mampirisika mafy ny vehivavy anefa ny manam-pahaizana mba hijery raha misy fiovana eo amin'ny nonony na misy atodintarina izy. Ireto avy ny soritr'aretina mila jerena:

- Misy mivonto na misy zavatra mafimafy eo amin'ny helika na ny nono
- Misy ranoka mivoaka ankoatra ny ronono, eo amin'ny lohanono
- Miova ny lokon'ny hoditry ny nono na ny halamany sy ny harokorokony
- Milentika na malemilemy hafahafa ny lohanono

Nampiasa fanjaitra kely ny dokoteran'i Lalao mba hakana tambatsela teo amin'ilay fivontosana. Hita hoe nisy kansera ireo sela. Nodidiana àry izy mba hanalana an'ilay fivontosana sy ireo tambatsela manodidina ny nonony. Izany koa no nahitana ny haben'ilay fivontosana, ny karazany, ary ny fihanahany.

Mila fitsaboana fanampiny ny marary maro, aorian'ny fandidiana, mba tsy hiverenan'ilay kansera na hiparitahany. Mety hivoaka avy ao amin'ilay fivontosana ny sela misy kansera, hanaraka ny lalan-dra na ny lalan'ny liofotsy, ary hitombo indray. Mihanaka any amin'ny tambatsela sy taova hafa tena iankinan'ny aina, toy ny atidoha, aty, tsoka, na havokavoka, ilay kansera ka izay no mahatonga azy hahafaty.

Notarafina sy nanaovana fitsaboana simika i Lalao mba hamonoana an'izay sela miparitaka eny amin'ny manodidina an'ilay faritra nisy kansera sy manerana ny vatany. Mivelona amin'ny estrozenina ilay kansera nahazo azy, ka nanaraka fitsaboana mampihena ny fiforonan'ny hormonina izy mba tsy hiforonan'ny kansera vaovao.

## AHOANA RAHA VOAN'NY KANSERAN'NY NONO IANAO?

- Miomàna fa haharitra herintaona, fara fahakeliny, ny fitsaboana.
- Raha azo atao, dia mitadiava dokotera mahay sy vonona hanome izay ilainao ary manaja an' izay inoanao.
- Iaraho midinika amin'ny mpianakavinao hoe iza no hilazana momba an'ilay kansera ary rahoviana no hilazana azy. Amin'izay ny namanao dia ho afaka hiahy anao sy hiara-mivavaka aminao ary hivavaka ho anao.—1 Jaona 3:18.
- Mamakia Baiboly, mivavaha, ary mieritrereta zavatra mampahery, mba hampahatanja-tsaina anao.—Romanina 15:4; Filipianina 4:6, 7.
- Miresaha amin'ny olona efa voan'ny kanseran' ny nono ka afaka mampahery anao.—2 Korintianina 1:7.
- Ny olana androany ifantohana fa tsy izay hitranga rahampitso. Hoy i Jesosy: "Aza manahy mihitsy ny amin'ny ampitso, fa ny ampitso hanana ny fanahiany."—Matio 6:34.
- Aza mandrera-tena. Makà aina tsara.

Mandroso ny fitsaboana kanseran'ny nono ka lasa misy fomba fitsaboana azo isafidianana, arakaraka ny taonan'ilay marary, ny fahasalamany, ny karazan'ilay kansera, na ny hoe nisy havany efa voa sa tsia. Mbola tsy nitatra tany ivelan'ny fantsona fandehanan'ny ronono, ohatra, ny kansera tao amin'ny nonon'i Arlette, dia efa hita. Ilay nivonto ihany àry no nodidiana, ka tsy voatery nesorina ny nonony. I Alice kosa nanaovana fitsaboana simika mba hampihenana an' ilay fivontosana, talohan'ny nandidiana azy. Ny an'i Janice indray, ilay fivontosana sy ny faritra voalohany nisy ny ranok'ilay izy ihany no nesorin'ny dokotera. Tsy nisy kansera ilay izy, ka tsy voatery nesorina ny faritra hafa. Tsy dia natahorana hivontovonto àry ny sandrin'i Janice.



## MIRESAHA AMIN'NY DOKOTERA

- **Ianaro ny teny fampiasa amin'ny fitsaboana kanseran'ny nono.**
- **Ataovy lisitra ny fanontaniana hapetrakao, rehefa ho any amin'ny dokotera. Asaivo miaraka aminao ny vadinao na ny namanao mba handray naoty.**
- **Asaivo hazavain'ny dokoteranao izay lazainy raha misy tsy azonao.**
- **Anontanio izy hoe firy ny olona mitovy aretina aminao efa notsaboiny.**
- **Manatòna dokotera hafa raha mety.**
- **Raha tsy mitovy hevitra ny dokoteranao, dia diniho tsara ny traikefan'ny tsirairay ary asaivo mifampiresaka izy ireo.**


Efa betsaka no fantatra momba ny fihomboan'ny kanseran'ny nono. Mbola tsy hay anefa ny mahatonga azy io sy ny fiantombohany?

### Ny mahatonga azy

Mbola tsy fantatra ny mahatonga ny kanseran'ny nono. Milaza ny mpanao tsikera fa kely kokoa ny fikarohana atao momba an'izay mahatonga an'ilay kansera sy ny fisorohana azy raha ampitahaina amin'ny fikarohana atao momba ny fitsaboana sy ny fitarafana azy, izay ahazoambola kokoa. Misy zavatra hitan'ny mpahay siansa ihany anefa. Misy mihevitra fa zavatra maromaro mifampitohy no mahatonga ny kanseran' ny nono. Misy tsy mety ao amin'ny fototarazo ka lasa mizarazara haingana be ny sela, manafika tambatsela hafa, tsy resin'ny hery fanefitra, ary manimba tsikelikely ny taova lehibe hafa.

Avy aiza ireo fototarazo hafahafa? Efa manana azy io hatrany am-bohoka ny 5 ka hatramin' ny 10 isan-jaton'ny vehivavy voan'ny kanseran' ny nono. Zavatra ivelan'ny vatany kosa matetika no toa manimba ny fototarazo salama, ka heverina fa ny fitarafana sy ny zavatra simika no tena mahatonga izany. Mety hohamarinin'ny fikarohana ihany izany, any aoriana.

Eo koa ny estrozenina izay toa mampihetsika ny kanseran'ny nono sasany. Atahorana ho voany àry ny vehivavy raha tonga fotoana aloha loatra, na tara loatra vao mitsaha-potoana, na tara loatra vao miteraka, na tsy miteraka mihitsy, na mampiasa fanafody solona hormonina. Mamoaka estrozenina ny selan'ny tavy ka atahorana ho voan'ny kanseran'ny nono ny vehivavy efa mitsaha-potoana raha matavy loatra, na dia efa tsy mamokatra hormonina intsony aza ny fihary atodinainy. Mety ho voan'izy io koa ny olona iray raha be *insuline* ny vatany sady kely *mélatonine* na hormonina mampahatory. Matetika no kely *mélatonine* ny olona miasa alina.



Fantsona fandehanan'ny ronono, misy sela ara-dalàna

Fantsona fandehanan'ny ronono, efa misy fivontosana

Kansera efa mihanaka eny ivelan'ny fantsona fandehanan'ny ronono

***Tsy ara-dalàna ny fitomboan'ny sela misy kansera fa mihamaro sy manafika tambatsela hafa***

Mety hihatsara sy tsy dia hampanaintaina ve ny fitsaboana ny kanseran'ny nono, atsy ho atsy? Eo am-pitadiavana hevitra izao ny mpitsabo hoe ahoana no azo ampiasana ny hery fanefitry ny vatana sy ny fanafody miady amin'ireo molekiola mahatonga ny fitomboan'ilay kansera. Ankoatra izany dia ho marina kokoa ny valin'ny fitarafana, noho ireo fitaovana fitarafana maoderina.

Mikaroka momba an'ireto koa izao ny mpahay siansa: Nahoana ny sela misy kansera no mihanaka? Ahoana no hiadiana amin'ireo sela tsy laitram-panafody? Ahoana no hanakanana ny fitomboan'ilay sela? Ahoana no hitsaboana ny fivontosana tsirairay?

Tsy ho vitan'ny olombelona mihitsy anefa ny hanafoana ny aretina sy ny fahafatesana. (Romanina 5:12) Ny Mpamorona antsika ihany no hahavita an'izany ary tena hanao izany izy, hoy ny Baiboly. Milaza ny Isaia 33:24 fa ho avy ny fotoana 'tsy hisian'ny mponina hilaza hoe: "Marary aho."'* Hiadana erỳ isika amin' izay!

* Miresaka an'izany bebe kokoa ilay boky fianarana Baiboly hoe *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?,* navoakan'ny Vavolombelon'i Jehovah.



## FOMBA HIATREHANA NY VOKA-DRATSIN'NY FITSABOANA

Mety ho anisan'ny voka-dratsin'ny fitsaboana kansera ireto: Maloiloy, mihintsam-bolo, rera-dava, manaintaina, voly ny rantsambatana na misy manindrontsindrona, ary tsy zakan'ny hoditra ilay fitsaboana. Ireto misy zavatra tsotra mety hampihena an'izany:

- Misakafoana tsara mba hatanjaka ny hery fanefitrao.
- Raiso an-tsoratra hoe nanao ahoana ny herinao ary nanao ahoana ny vatanao isaky ny avy nihinana karazan-tsakafo iray.
- Jereo raha tsy dia maloiloy sy tsy dia manaintaina ianao rehefa avy mihinana fanafody na manao tsindrona volamena na miotra.
- Manaova fanatanjahan-tena voalanjalanja mba hatanjaka kokoa ianao, tsy hatavy na hahia loatra, ary hiasa tsara ny hery fanefitrao.*
- Mialà sasatra matetika, nefa tadidio fa mety handreraka ny fatoriana ela loatra.
- Aza avela ho maina ny hoditrao. Manaova akanjo malaladalaka. Mandroa amin'ny rano mafana.

* Mila miresaka amin'ny mpitsabo matihanina ny olona voan' ny kansera alohan'ny hanaovana fanatanjahan-tena.

## AHOANA RAHA MISY HAVANAO VOAN'NY KANSERA?

Ahoana no hanampianao ny havanao na namanao voan'ny kansera? Araho ity toro lalan' ny Baiboly ity: "Miaraha mifaly amin'izay mifaly, ary miaraha mitomany amin'izay mitomany." (Romanina 12:15) Asehoy fa tianao izy ka antsoy an-telefaonina, anoraty taratasy, andefaso karta na e-mail, ary tsiditsidiho. Miaraha mivavaka aminy ary mamakia andinin-teny mampahery avy ao amin'ny Baiboly. Hoy i Beryl: "Aza miresaka momba an'ireo efa matin'ny kansera. Momba an'ireo sitrana kosa resahina." Hoy koa i Janice, izay efa voan'ny kansera: "Tonga dia fihino fotsiny ilay namanao. Hiresaka momba an'ilay aretina izy raha tiany." Ny lehilahy no tena tokony hanome toky ny vadiny hoe tiany izy.

Hoy i Geoff: "Misy andro atokanay tsy iresahana an'ilay aretina mihitsy. Nanapa-kevitra ny vadiko fa tsy ny fahasalamany foana no hatao anton-dresaka. Nanapa-kevitra àry izahay fa hasianay andro iray tsy hiresahana momba an'ilay kansera mihitsy, fa hiresahana zavatra mahafinaritra fotsiny. Ataonay matetika izany, ka hoatran'ny hoe mba maka rivotra kely izahay."



*Tena mila ny fitiavan'ny fianakaviany sy ny namany ny olona voan'ny kansera*

## MILAZA NY HEVINY IZY IREO

### *Rehefa reny hoe voan'ny kansera izy*

**Sharon:** Niova tampoka ny fiainako. Nilaza aho hoe: "Vita hatreo ny amiko."

### *Tamin'ny fotoana mafy indrindra taminy*

**Sandra:** Ny adin-tsaina indray no nandreraka kokoa noho ny fitsaboana.

**Margaret:** Rehefa avy mitsabo fanindroany ianao, dia miteny hoe: "Izaho tsy hanao intsony." Manohy ihany anefa ianao.

### *Momba an'ireo namany*

**Arlette:** Nilazanay ny namanay mba hivavaka ho anay.

**Jenny:** Voamarikay daholo ny tsikin'ny olona sy ireo fihetsika kely mampahery.

### *Momba ny vadiny*


**Barbara:** Nosolaiko ny lohako dieny mbola tsy nihintsana ny voloko. Hoy i Colin: "Tsara kosa ny paozin'ny lohanao a!" Nampihomehy ahy izany.

**Sandra:** Niara-nijery fitaratra izahay, ka hitako tamin'ny endrik'i Joe hoe tsy kivy izy.

**Sasha:** Hoy i Karl rehefa miresaka amin'ny olona: "Voan'ny kansera *izahay.*"

**Jenny:** Be fitiavana foana i Geoff. Tsy mihena mihitsy ny finoany ka manome toky ahy izany.

# Torohevitra Mahasalama ny Vatana sy ny Fo



*“Mamelombelona ny vatana ny fo tony.”*—OHABOLANA 14:30.

*“Ny fo falifaly dia sady mahasoa no manasitrana.”*—OHABOLANA 17:22.

● I Solomona mpanjakan’ny Israely no nilaza an’ireo teny fohy nefa lalina ireo, 3 000 taona teo ho eo izay.* Marina ve anefa ireo teny ireo? Inona no lazain’ny mpitsabo ankehitriny?

Hoy ny *Gazetin’ny Fikambanana Amerikanina Mpandinika ny Fo,* momba ny fo tony sy ny fo mora tezitra: “Hita tamin’ny fikarohana vao haingana fa toa mifandray amin’ny aretim-po ny fahatezerana sy ny fankahalana.” Milaza àry ilay gazety fa tsy ampy hisorohana sy hitsaboana aretim-po ny fitsaboana tsotra sy ny fanafody, fa ilaina koa ny miezaka mba tsy ho mora tezitra sy tsy hankahala olona. Raha tsorina, dia marina ny lazain’ny Baiboly hoe mahasalama ny fo tony.

Misy mahatsara ny fo falifaly koa. Hoy ny Dr. Derek Cox, tompon’andraikitra ambony ao amin’ny Fahasalamana any Ekosy, tao amin’ny Vaovaon’ny BBC: “Azo inoana hoe ho salama kokoa ny olona faly foana raha oharina amin’ny olona malahelohelo.” Voalaza tao koa fa “voaro kokoa amin’ny aretina, toy ny aretim-po sy ny lalan-dra tapaka, ny olona falifaly.”

Nisy zavatra efa fantatr’i Solomona nefa tsy fantatra raha tsy ela be tatỳ aoriana. Nahoana? Tsotra ny valiny. *“Nomen’Andriamanitra* fahendrena sy fahiratan-tsaina tsy nisy hoatr’izany i Solomona.” (1 Mpanjaka 4:29) Toy izany koa ny olon-kafa nanoratra ny Baiboly. Nolazaina tamin’ ny fomba tsotra ireny torohevitra ireny ka afaka mandray soa ny rehetra. Izy ireny rahateo maimaim-poana!

Maninona raha mizatra mamaky Baiboly isan’ andro? Olona an-tapitrisany no efa manao izany. Faly izy ireo satria hitany hoe marina ity voalazan’ny Baiboly ity: “Raha alatsakao am-po ny fahendrena, ary manjary mahafinaritra anao ny fahalalana, dia hiambina anao ny fahaiza-misaina, ary hiaro anao ny fahaiza-manavaka.” (Ohabolana 2:10, 11) Tena manome toky antsika izany!

* Matetika ny hoe “fo” ao amin’ny Baiboly no manondro ny maha izy ny olona iray, anisan’izany ny fihetseham-pony.

# Inona no Tsy Ampy eo Amin'io Sary Io?

**Vakio ny 2 Mpanjaka 5:1, 9-16, 20-27.** Jereo amin'izay ilay sary. Inona no tsy ampy eo? Soraty eo ambany ny valin-teninao ary ampifandraiso ireo teboka mba hamenoana an'ilay sary. Lokoy ilay sary avy eo.

**1**........................................................

**2**........................................................

**3**........................................................

● Any amin'ny pejy 20 ny valin'ny "NATAO HODINIHIN'NY MPIANAKAVY"

**IARAHA-MIDINIKA:** Inona avy ireo lainga roa nolazain'i Gehazy? Vakio ny 2 Mpanjaka 5:22, 25. Iza no nahafantatra hoe nandainga i Gehazy? Vakio ny 2 Mpanjaka 5:25, 26; 2 Tantara 16:9; Hebreo 4:13. Nahoana ianao no tsy tokony handainga? Vakio ny Ohabolana 12:22; Jaona 8:44.

**ATAON'NY MPIANAKAVY:** Miaraha mamaky an'ilay tantara, ka raha mety, dia ny iray manao mpitantara, ny iray Elisa, ny iray Namàna sy ny mpanompony, ary ny iray Gehazy.




## Angony ary Ianaro

Hetezo, aforeto, ary tehirizo

8 KARATRA ARA-BAIBOLY

# HEZEKIA









### H E Z E K I A

**MOMBA AZY** Mpanjaka tsy nivadika izy, nanamboatra ny simba tao amin'ny tempolin'i Jehovah, nanokatra izany indray, namotika ny fitaovana nampiasaina tamin'ny fivavahan-diso, ary nampirisika ny olona hankalaza ny Paska. (2 Mpanjaka 18:4; 2 Tantara 29:3; 30:1-6) "Nifikitra tamin'i Jehovah foana" i Hezekia, na dia ratsy toetra aza i Ahaza Mpanjaka rainy.—2 Mpanjaka 18:6.

**FANONTANIANA**

**A.** Firy taona i Hezekia tamin'izy lasa mpanjakan'ny Joda?

**B.** Nampitomboin'i Jehovah firy taona ny andro niainan'i Hezekia?

**D.** Fenoy ny banga: Naniraka anjely mba hamono miaramila asyrianina miisa ___ i Jehovah, satria nivavaka taminy i Hezekia sady tsy nivadika.

**VALINY**

**A.** 25 taona.—2 Mpanjaka 18:1, 2.

**B.** 15 taona.—2 Mpanjaka 20:1-6.

**D.** 185 000.—2 Mpanjaka 19:15, 19, 35, 36.

## Olona sy Tany


**4. Kyrl sy Sheen no anaranay, 6 taona sy 9 taona izahay, ary mipetraka atỳ Philippines. Firy eo ho eo ny Vavolombelon'i Jehovah atỳ Philippines: 62 000 sa 126 000, sa 172 000?**


**5. Aiza amin'ireo teboka ireo no mampiseho ny atỳ aminay? Ataovy anaty boribory izany. Asio teboka eo amin'izay misy anao, ary jereo ny elanelan'ny misy anao sy Philippines.**





## Ho An'ny Ankizy

**Tadiavo ato amin'ity gazety ity ireo sary ireo. Lazao amin'ny fomba fiteninao izay mitranga eo amin'ny sary tsirairay.**










# Fantatrao ve ny Voalazan'ny **Baiboly?**

● Ny Baiboly no boky miely indrindra hatramin'izay. Milaza ny olona maro avy amin'ny kolontsaina rehetra fa mampahery sy mahabe fanantenana izy io, ary manome torohevitra mety tsara amin'ny fiainana andavanandro. Maro anefa no tsy dia mahalala an'io boky miavaka io.

Manampy antsika hahatakatra an'izay lazain'ny Baiboly ilay bokikely hoe *Inona no Voalaza ao Amin'ny Baiboly?* Fohy nefa mazava ny fanazavana ao, ary misy sary mahafinaritra ao. Resahin'ny toko roa voalohany fa nanao paradisa ho an'ny olombelona ny Mpamorona. Hita ao koa hoe nahoana izy ireo no voaroaka tao. Resahina ao koa ny fikasan'Andriamanitra hamerina indray ny Paradisa, amin'ny alalan'ilay Fanjakany any an-danitra. I Jesosy Kristy no mpanjakan'izy io.

Resahin'ireo toko manaraka ny momba an'i Jesosy, anisan'izany ny fanompoany, ny fahagagana nataony, ny nahafatesany, ary ny nitsanganany tamin'ny maty. Voaresaka ao koa ireo olona be herim-po nanara-dia azy sy izay nosoratan'izy ireo rehefa nahazo herin'ny fanahy masina izy ireo. Lasa anisan'ny Baiboly ireny asa soratra ireny.

Mety tsara ilay lohatenin'ny toko faha-26 farany hoe "Ho Lasa Paradisa Indray ny Tany!" "Famintinana Izay Voalazan'ny baiboly" kosa no lohatenin'ilay pejy eo ampita. Voafintina eo ireo zavatra lehibe fito nitranga mba hahatanterahan'ny fikasan'Andriamanitra momba ny olombelona.


Raha te hanafatra an'io bokikely 32 pejy io ianao, dia fenoy ilay tapakila eto ambany ary alefaso any amin'ny iray amin'ireo adiresy ao amin'ny pejy 5 amin'ity gazety ity.

❑ Mba andefaso an'ilay bokikely aseho eto aho.

Amin'ny fiteny:

....................................

❑ Mba andefaso olona aho hampianatra Baiboly ahy maimaim-poana atỳ an-tranoko.




Anarana ....................................................................................

Adiresy ....................................................................................

....................................................................................

Code postal ............... Tanàna ..............................................